

MISEHO
@IREO
TANAN-DEHIBE
Herinandro
fiaraha-mivavaka
2024
ANDRO MANERANTANY
HO AN'NY TANORA
16 - 23 MARTSA 2024

pejy

4 **Andro 1**

***Toriteny:*** *Tian'Andraiamanitra ve ny Tanàn-dehibe misy anao?*

10 **Andro 2**

***Toriteny:*** *Manova ireo Tanàn-dehibe: Manaraka ny Ohatr'i Jesosy*

16 **Andro 3**

***Toriteny:*** *Miatrika ny Fahatsapan-tena ho Manirery ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*

22 **Andro 4**

***Toriteny:*** *Miatrika ny Fahaketrahana (Dépression) ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*

28 **Andro 5**

***Toriteny:*** *Miatrika ny Aretina ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*

34 **Andro 6**

***Toriteny:*** *Miatrika ny Fahaverezam-panantenana ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*

39 **Andro 7**

***Toriteny:*** *Miatrika ny Tahotra ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*

44 **Andro 8**

***Toriteny:*** *Manarina ireo Lavo ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao*







# MISEHOA ANY AMIN'IREO TANÀN-DEHIBE

## Fanavotana ny tanàn-dehibe:

## Tanora Manova ny Tanànany

### Ps. S. Yeury Ferreira

Ps. S. Yeury Ferreira dia mpitandrina voahosotra ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Manana ny mari-pahaizana Maîtrise momba ny fitarihana, ny teolojia sistematika ary ny toriteny ara-Baiboly izy, ary manana ny mari-pahaizana Doctorat ihany koa amin'ny fitorian-teny avy amin'ny Oniversite Andrews. Efa nanao ny asan'ny mpitandrina sy evanjelisitra izy ary amin'izao fotoana izao dia mitàna ny toeran'ny talen'ny Asa fanompoana amin'ny olona miteny Espaniola ao amin'ny Federasionan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Greater New York. Nanoratra boky maromaro izy, anisan'izany ny boky "Living Without Fear" (Miaina tsy misy tahotra) - izay Boky Misiônera 2021 ho an'ny Diviziona Amerika Avaratra - ary ny boky "Preach the Word" (Torio ny Teny). Manambady an'i Mariel Ferreira izy ary manan-janaka roa, Ernesto sy Elizabeth Ferreira, izy ireo.

## Mandray Am-po ny Antso An-tanàn-dehibe: Misehoa ary Mitondrà Fiovana

Raha manakaiky ny Herinandro Fiaraha-mivavaka 2024 isika, dia misy foto-kevitra mafonja iray manakoako manao hoe: "Misehoa Ao Amin'ireo Tanàn-dehibe". Hiaka fiantsoana ho an'ny tanora izany mba handraisany anjara mavitrika sy hitondrany fiantraika lalina eo amin'ny tontolon'ireo tanàn-dehibe misy antsika.

Ivon-toerana feno fahasamihafana, fiavahana, fihaikana ary fahafaha-manao tsy misy farany ireo tanàn-dehibe. Ny antso hoe 'Misehoa' dia mandrisika antsika hanao mihoatra noho ny hoe mipetraka eny anivon'izy ireny fotsiny - fa mba ho mpitondra fiovana tsara ihany koa.

Ny hoe 'Misehoa' dia midika ho fanoloran-tena amin'ny fo manontolo — amin'ny fanatrehana, fiasana mavitrika ary fanehoana fangorahana. Midika ho fandraisana andraikitra, fanomezana fanohanana ary fikolokoloana firaisan-kina ao anatin'ny fiainana be rotoroto an-tanàn-dehibe izany.

Ity Herinandro Fiaraha-mivavaka ity no fotoana ahafahan'ny tanora mitarika sy mitondra fiovana. Midira an-tsehatra ao amin'ny fiarahamonina misy anao, ankalazao ny fahasamihafana eo amin'ny tsirairay ary raiso am-po ny fahafahana hitondra fiovana. Mirotsaha ho mpiasa an-tsitrapo, ho mpisolo vava, ary miaraha mivavaka, sady maminavina tanàn-dehibe feno fangorahana sy fitoviana.

Andeha isika hampitombo ny ezaka ary hiseho ao amin'ny tanàn-dehibe misy antsika, tsy ho amin'ity herinandro ity ihany fa ho fanoloran-tena mandritra ny androm-piainana amin'ny fanorenana toerana mamiratra kokoa sy tsy manavakavaka ao an-tanàn-dehibe.

Andeha isika handray am-po ny antso hoe 'Misehoa' ary handoko ireo tanàn-dehibe misy antsika amin'ny lokon'ny fanantenana sy ny firaisan-kina ary ny fiovana.

Mirary Herinandro Fiaraha-mivavaka 2024 feno fiovana ho antsika rehetra!



S. B. Khumalo

**S. B. Khumalo**

**Talen'ny Departemantan'ny**
**Asa Fanompoana ny Tanora**
**eo anivon'ny Foibe Maneran-tany**



## Toriteny 1

# Tian'Andriamanitra ve ny Tanàn-dehibe misy anao?

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry.»*

Matio 9:36.

## Fampidirana

Tian'Andriamanitra ve ny tanàn-dehibe misy anao? Hiezaka hamaly izany fanontaniana izany isika androany. Alohan'ny hanaovana izany anefa, dia andeha isika hijery zavatra mahaliana vitsivitsy momba ny tanàn-dehibe. Araka ny fanadihadiana sasany, ny tanàn-dehibe dia toerana be mponina sy voalamina tsara, raisina ho ivon'ny lafin-javatra rehetra: vola, kolontsaina, politika, sy ny maro hafa. Feno tilikambo sy trano avo manaka-danitra, lalana, lalamby mandeha ambany tany (métro), ary sampan-draharaha maro ny tanàn-dehibe. Ankoatra izany, ahitana karazan'olona avy amin'ny toerana sy ny kolontsaina rehetra koa ny tanàn-dehibe, ary toerana misy zava-mitranga mahavariana betsaka, toy ny fanavaozana, fampianarana ary asa.

Andeha àry isika hiresaka momba ny sasany amin'ireo tanàn-dehibe goavana indrindra eto an-tany:

- Tokyo, any Japon, dia iray amin'ireo tanàn-dehibe be mponina indrindra eto an-tany. Malaza amin'ny fananana teknolojia avo lenta sy kolontsaina môderina tena raitra tokoa izy io.
- New York, any Etazonia, dia toy ny ivon'ny zava-drehetra, manana vola be sy raharaham-barotra ary kolontsaina malaza (pop).
- Londres, renivohitr'i Angletera sy Royaume-Uni dia tanàna manantantara izay mbola mitàna anjara toerana lehibe eo amin'ny toekarena sy politika maneran-tany.
- Renivohitr'i Chine i Beijing ary toerana manan-danja lehibe amin'ny pôlitika sy ny kolontsaina.
- Ao Sao Paulo, any Brezila no ahitana sy hitrangan'ny zava-drehetra any Amerika Atsimo. Manana raharaham-barotra sy kolontsaina mahafinaritra izy io.
- Mumbai, any Inde dia tanàna mitombo be ary tena manan-danja amin'ny fandraharahana.
- Lagos any Nizeria dia foibe ara-bola afrikanina lehibe izay nofaritana ho renivohitra ara-kolontsaina, ara-bola ary ara-pialamboly any Afrika.

Manao ahoana kosa ny momba ny olana ara-pihetseham-pon'ny olona monina any an-tanàn-dehibe?

Raha ny tena marina, tsy toy ny aseho amin'ny sarimihetsika mandrakariva ny fiainana an-tanàn-dehibe. Mety hahatsiaro sahirantsaina ny olona an-tanàn-dehibe satria mandeha haingana ny zava-drehetra, ary mety hikorontana ny fifamoivoizana. Mety hahatsiaro ho manirery ny sasany, na voahodidin'ny olona maro aza, satria tsy manana fifandraisana lalina amin'ny hafa izy ireo. Mety ho olana ihany koa ny fanahiana, satria mety ho mafy ny fifaninanana sy ny fanerena hahomby. Indraindray, mety ho fahita kokoa any an-tanàn-dehibe ny fahaketrahana satria mety ho tena mafy ny fiainana.

Izao anefa no vaovao mahafaly, *tian'Andriamanitra ireo tanàn-dehibe! Ary, midika izany fa tiany ireo olona miaina ao anatin'izy ireny, miaraka amin'ireo olany sy ny fihetseham-pony rehetra.* Manana fo goavana Andriamanitra, ary mangoraka Izy rehefa mahita ny olona mandalo fotoan-tsarotra. Ahoana àry no anehoan'Andriamanitra ny fitiavany ny tanàn-dehibe? Andeha isika hijery zavatra telo mampiseho ny fitiavany voaseho amin'ny asa.

## Famelabelarana

### 1. Mandefa mpitondra hafatra any amin'ireo tanàn-dehibe Andriamanitra

Fantatrao ve fa ilay tanàna naorin'i Kaina sy nomeny ny anaran'ny zanany hoe Enoka (Genesisy 4:17) no tanàn-dehibe maneran-tany voalohany voatonona ao amin'ny Baiboly? Hitantsika araka izany fa avy amin'ny fianakaviana manan-tantara amin'ny fisiana olana lehibe i Enoka. Namorona tanàn-dehibe nitrangan-javatra feno hadalana maro, toy ny fananana vady maro sy ny famonoana olona, ireo taranany, saingy namorona mozika sy zavakanto ihany koa izy ireo. Tsy nihatsara anefa ny zava-drehetra, na dia taorian'ny safo-drano aza. Ny zafikelin'i Noa, indrindra fa ireo zanakalahin'i Hama, dia nanomboka nanorina tanàna feno faharatsiana (Genesisy 10:6-12), ka ny faratampony amin'izany dia ny nanorenany ny Tilikambon'i Babela izay noheveriny fa hahatonga azy ireo ho malaza (Genesisy 11:4).

Ahitana tanàn-dehibe maromaro ao amin'ny Baiboly, ary anisan'ireo malaza indrindra amin'izany i Babylona, Ora any Kaldea, Sodoma, Gomora, Ninive, ary Jerosalema. Toy ny ivon'ny faharatsiana sy ny fahotana ny ankamaroan'ireo tanàna ireo. Fa ny mahagaga, na teo aza ny loza/olana rehetra nisy teo amin'izy ireo, dia tsy mba nilavo lefona tamin'izy ireo mihitsy Andriamanitra, ka nandefa iraka nitondra hafatra feno fangorahana, sy fahafahana hiova Izy. Afaka mamaky ohatra amin'izany isika ao amin'ny tantaran'i Jona. (Vakio ny bokin'i Jona).

Nasain'Andriamanitra nankany Ninive i Jona mba hampitandrina azy ireo. Toerana tena feno herisetra sy feno faharatsiana i Ninive tamin'izany (Nahoma 3:1). Misy horonam-boky tranainy tokoa mantsy milaza fa misambotra ny fahavalony ireo mpanjakan'i Ninive ary mandoro azy ara-bakiteny rehefa avy nendahiny ny hodiny. Tena mahatsiravina tokoa izany!

Kanefa na teo aza ny herisetra sy ny faharatsiany rehetra tao, dia tsy naniry handao azy ireo Andriamanitra fa te hanome azy ireo fahafahana hiova. Naniraka an'i Jona mpaminany izy mba hampitandrina azy ireo. Ary fantatrao ve? Namaly tamin'ny fibebahana ny tanànan'i Ninive (Jona 3:5-10).

Fantatrao ve fa maniry hahita fiovana sy fibebahana koa Andriamanitra ao amin'ireo tanàn-dehibe amin'izao andro izao? Izany no antony nanirahany mpitondra hafatra! Vakio ny zavatra nolazain'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny iray amin'ireo mpitondra hafany manao hoe: *"Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny*

*hahafatesan'ny ratsy fanahy, fa ny hialan'ny ratsy fanahy amin'ny lalany, mba ho velona izy. Mialà, mialà amin'ny lalan-dratsinareo, fa nahoana moa no te-ho faty ianareo, ry taranak'Isiraely?"* - Ezekiela 33:11.

Izao anefa, tsy tamin'ny andro fahiny ihany no nisehoan'izany! Mbola maniry hahita fiovana eo amin'ireo tanàn-dehibentsika ankehitriny Andriamanitra. Toy ny miteny Izy hoe: *"Hey, tsy te ho diso anjara amin'ny zavatra tsara ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao Aho. Tiako mba hibebaka sy hiova ho amin'ny tsara ianao."*

Saintsaino ny momba ny tanàn-dehibe misy anao. Mety ho feno zava-tsoa izy io, kanefa mety manana olana, fahasarotana, heloka bevava, sns ihany koa. Na izany aza, tsy mitsahatra maniraka olona ho any amin'ny tanàn-dehibe misy anao Andriamanitra mba haneho fitiavana ary hiteny hoe: *"Hey, eto Aho! Andao hovantsika miaraka izany."*

Noho izany, raha manontany tena ianao hoe mihevitra ny momba ny tanàn-dehibe misy anao ve Andriamanitra, dia eny ny valiny, mihevitra tokoa Izy! Tian'Andriamanitra ho toerana hahafahan'ny olona miaina ao anatin'ny fiadanana sy ny fanambinana ary ny firindrana ny tanàn-dehibe tsirairay. Vonona ny hampiasa olona toa anao Izy mba hanatanterahana izany. Mivonòna àry ianao ary aoka ho anisan'ny fiovana ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao!

Noho izany, ry tanora, ny fanovana na dia ny tanàna mpikomy sy mpanao hadalana indrindra aza dia tena raharahan'Andriamanitra tokoa. Fitiavana voaseho amin'ny asa tokoa izany!

## 2. Maneho fangorahana ho an'ireo tanàn-dehibe Andriamanitra

Hita ihany koa fa tsy vitan'ny maniraka mpitondra hafatra fotsiny Andriamanitra fa maneho fangorahana lehibe ihany koa amin'ireo mponina ao amin'ireo tanàn-dehibe ireo, indrindra rehefa mandalo fotoan-tsarotra izy ireo. Jereo ity andininy ao amin'ny Matio 9:35-36 ity:

> *"Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry."* (MG1865)

Ary inona no hevitr'izany hoe onena na mangoraka? Raha lazaina tsotsotra, midika izany fa mametraka

ny tenanao eo amin'ny toeran'ny olon-kafa ary mahatakatra ny olany sy ny fanaintainany. Eny, tena mihevitra lalina ny momba ny olona ao an-tanàn-dehibe Andriamanitra, indrindra rehefa mandalo fotoan-tsarotra izy ireo!

Alaivo sary an-tsaina izao: mety ho toerana feno korontana ny tanàn-dehibe misy anao, ary indraindray tahaka ny hoe very ao anatin'ny fisavoritahana ny olona rehetra. Mety hahatsiaro ho manirery, kivy, marary, na miatrika olana hafa ny olona. Eo anefa Andriamanitra! I Jesosy mihitsy no nitety ny tanàn-dehibe, nampianatra sy nanasitrana olona. Nony nahita ny vahoaka Izy, dia onena azy ireo ny fony. Toa te hiteny Izy hoe: "Ry sakaiza, eto Aho ho anareo. Tsy irery ianareo amin'ity ady ity."

Amin'ny manaraka, rehefa mahatsapa ho sahiran-tsaina lalina ianao amin'ny zava-mitranga rehetra ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao, dia tadidio fa tsapan'Andriamanitra ny zavatra tsapanao sy iainanao. Miombom-pihetseham-po aminao sy ny olon-drehetra Izy. Na mikorontana toy inona aza izao tontolo izao, vonona ny ho eo anilantsika sy hikarakara antsika Andriamanitra. Fitiavana madio voaseho amin'ny asa izany!

## 3. Manova ireo Tanàn-dehibe Andriamanitra

Hatreto isika dia niresaka ny amin'ny fomba nanirahan'Andriamanitra mpitondra hafatra ho any amin'ireo tanàn-dehibe sy ny fahatsapany fangorahana ho an'ireo mponina ao. Tsy izay ihany anefa! Manampahaizana manokana ihany koa Andriamanitra amin'ny fanamboarana sy fanavaozana tanàna. Tadidinao ve ny tantaran'i Saoly avy any Tarsisy?

Indray andro, teo ampanaovana ny asa nanirahana azy hanenjika ny Kristianina i Saoly raha nankany Damaskosy mba hanao ny asany. Izao anefa, ity no ampahany tena mahaliana: Jesosy tenany mihitsy no niseho taminy teny an-dalana ary nanova tanteraka ny fiainany! Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 9:1-6 no ahitana io tantara io. I Saoly, izay fahavalo ratsy indrindra ho an'ny Kristianina tamin'izany, dia niova ho Paoly, izay anisan'ny apostoly nanana ny maha-izy azy indrindra hatramin'izay.

Alao sary an-tsaina izao: Saoly, ilay mpanenjika ny Kristianina, dia nanjary lehilahy nanorina fiangonana na aiza na aiza alehany ary tonga mpampianatra lehibe ny Filazantsara. Andriamanitra no nanamboatra sy nanefy an'i Saoly ho tonga olona vaovao tanteraka.

Inona no ampianarin'izany antsika? Manana hery lehibe Andriamanitra mba hanovana tsy ny isam-batan'olona ihany fa ny tanàn-dehibe iray manontolo koa. Rehefa miasa ny fahasoavany dia afaka miova ny zava-drehetra. Raha mieritreritra ianao fa mila fiovana ny tanàn-dehibe misy anao, tadidio fa Andriamanitra dia manam-pahaizana amin'ny fanovana ny olona na zavatra. Mpanakanto miasa Izy, manatsara ny zava-drehetra!

## Famaranana

Manana fitiavana manokana ny tanàn-dehibe Andriamanitra. Hitantsika tao amin'ny Baiboly iray manontolo ny fomba nanehoany ny fitiavany tamin'ny fomba tsy mampino: Mandefa hafatra Izy, tena mahafantatra tsara izay tsapanao Izy, ary manova ny tanàn-dehibe feno fahotana mihitsy aza Izy. Amin'ny maha-tanoran'Andriamanitra antsika, dia adidintsika ny mitia ny tanàn-dehibe misy antsika sy mampivelatra ny Fanjakan'Andriamanitra ao anatiny. Tsarovy mandrakariva fa tena miasa tokoa Andriamanitra ao amin'ireo tanàn-dehibe misy antsika, ary afaka ny ho fitaovana hanehoany ny fitiavany sy ny fangorahany isika. Andeha isika hivavaka mba hikoriana hatrany sy hanova ny tanàn-dehibe misy antsika ny fitiavan'Andriamanitra.



## Toriteny 2

# Manova ireo Tanàn-dehibe: Manaraka ny Ohatr'i Jesosy

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tany amin'ny sinagoga sy nitory ny Filazantsaran'ny fanjakana ary nanasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra.»*

Matio 9:35, MG1865

## Fampidirana

Androany isika, dia hanao dia ara-panahy miainga avy amin'ny fanandraman'i Jesosy, ka handinika ny fomba ahafahantsika manao asa fitoriana mahomby eny amin'ny tanàn-dehibe. Alaivo sary antsaina hoe misy tanàn-dehibe iray feno olona sy feno fihaikana, mitovy amin'izay natrehin'i Jesosy tamin'ny androny. Saingy mialoha ny hidirantsika amin'ity lohahevitra mahafinaritra ity dia mamelà ahy hizara tantara fohy.

Taona vitsivitsy lasa izay, tao anatin'ny tanàn-dehibe iray, dia nisy tovolahy iray atao hoe Davida nonina tao. Tao anatin'ny fikoropahana sy fahamaikana tsy an-kijanona tao an-tanàna, dia nahatsiaro ho trotraka tanteraka noho ny tsy fisian'ny fanantenana sy antom-pisiana hitany teo amin'ny fiainan'ny olona maro nanodidina azy i Davida. Indray andro anefa, dia nisy fihaonana iray niseho izay hanova mandrakizay ny fiainany. Nifanena tamin'ny lehilahy zokiolona iray atao hoe Elia izy, izay nizara taminy ny tantaran'ny asa fanompoan'i Jesosy tany amin'ireo tanàn-dehibe. Naka ny Baiboliny ilay lehilahy zokiolona ary namaky ny Filazantsaran'i Matio 9:35:

*"Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga sy nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra."*

Nihaino tsara i Davida rehefa nanazava i Elia fa nanasongadina asa telo lehibe nataon'i Jesosy ho tombontsoan'ireo tanàn-dehibe io andininy io, izay asehon'ireo matoanteny lehibe telo ao amin'ilay andininy.

## Famelabelarana

### 1. Matoanteny Voalohany: Nampianatra

Andeha hatombotsika amin'ny matoanteny manan-danja voalohany: "mampianatra". Nandany fotoana i Jesosy nizara ny fahendreny tamin'ny vahoaka tao an-tanàn-dehibe. Milaza ny ao amin'ny Matio 9:35 hoe: *"Ary Jesosy nandeha nitety ny tanàna rehetra sy ny vohitra, nampianatra tao amin'ny synagoga".* Saingy, tsy voafetra ho amin'ny teny fotsiny ny fampianarany; fa hita taratra tamin'ny fomba fiainany ihany koa izany. Nitondra lesona momba ny fitiavana, ny fangorahana, ny rariny ary ny finoana ny fiainany.

Andeha àry tohizantsika ny tantaran'i Davida. Taorian'ny fihaonany tamin'i Elia sy ny fientanam-pony vaovao tamin'ny fanarahana ny dian'i Jesosy, dia nahatsiaro ho voatosika mafy hanao zavatra tena lehibe i Davida. Tsy nanaiky ho voataonan'ny fahazarana sy ny fialamboly tsy mahasoa tao an-tanàn-dehibe intsony izy, fa nanapa-kevitra ny hanatanteraka asa. Indray tolakandro, raha nitsangantsangana tao amin'ny zaridainan'ny tanàna i Davida, dia sendra nifanena tamin'ny tanora maromaro niresaka momba ny zavatra ara-panahy sy ny fivavahana. Liana izy ka nanatona ary nanomboka nihaino. Nazoto ny hianatra bebe kokoa momba an'Andriamanitra sy ny Baiboly ireo tanora ireo. Nahatalanjona an'i Davida ny fahalianan'izy ireo handalina bebe kokoa ny finoany.

Nentanin'ny fanirian'ireo tanora ireo hianatra i Davida ka nanolo-tena ho mpanoro hevitra azy ireo. Nizara ny zavatra nianarany izy ary nanampy azy ireo hamakivaky ireo fanambin'ny fiainana an-tanàn-dehibe amin'ny fomba fijery ara-panahy. Ankoatra izany, nizara loharanon-kevitra tamin'ny aterineto momba ny lohahevitra ara-panahy izy ary nanome soso-kevitra boky sy podcast izay nampitombo ny fahatakarany ara-panahy.

Ry tanora misionera an-tanàn-dehibe, mandraisa aingam-panahy avy amin'ny zavatra nataon'i Jesosy sy ny fanandramana niainan'i Davida. Fotoana izao hanaovana hetsika sy hanovana ny tanàn-dehibe misy anao! Ireto misy torohevitra vitsivitsy:

- *Manangàna vondrona fianarana Baiboly*: Angony ny namanao na koa olona izay tsy fantatrao akory aza ary mamoròna vondrona fianarana Baiboly amin'ny toerana mahafinaritra toy ny zaridaina fipetrapetrahana. Tsy ny famakiana Baiboly fotsiny no atao, fa fandinihana ny hevitr'izany eo amin'ny fiainana andavanandro koa.
- *Aoka ho mpiahy* (*mentor*): Aoka ianao ho mpiahy sy mpanoro hevitra ny tanora hafa izay mila fitarihana ara-panahy. Ampio izy ireo hamakivaky ireo toe-java-tsarotra eo amin'ny fiainana, zarao ny fanandramanao, fa hiara-mitombo amin'ny finoana ianareo.
- *Mizarà loharanon-kevitra*: Mizarà boky, podcast, ary fitaovana amin'ny aterineto izay nisy fiantraikany taminao ary miresaha momba an'Andriamanitra sy ny famonjena amin'ny fomba manan-danja sy mahaliana ny tanora ankehitriny. Eritrereto izay zavatra tianao ary zarao amin-kafanam-po izany.

Tadidio fa tsy fampitana vaovao sy fahalalana fotsiny ny fampianarana, fa fanehoana modely ho an'ny hafa koa! Manehoa fitiavana sy fangorahana ary finoana eo amin'ny fiainanao andavanandro, dia ho hitanao ny famirapiratan'ny fahazavanao ao an-tanàna-dehibe. Vonona ny hametraka ny dian-tananao eo amin'ny fiaraha-monina misy anao ve ianao? Ry Tanora Zokiny, izao no fotoana!

## 2. Matoanteny Faharoa: Nitory

Andeha isika hiroso amin'ny matoanteny manan-danja faharoa: "mitory." Jereo Jesosy; Tena nanana fahaizana manokana tamin'izany Izy. Tsy vitan'ny hoe nizara ny fahendreny Izy, fa nilaza tamin'ny olona rehetra koa ny vaovao mahafinaritra indrindra teo amin'ny tantara: tonga eto ny Fanjakan'Andriamanitra, feno fanantenana sy famelan-keloka ary fampihavanana!

Tadidinao ve i Davida namantsika, ilay tovolahy nahatsiaro ho very tao amin'ny tanàn-dehibe ary nikatsaka ny antom-pisiany teo amin'ny fiainana? Taorian'ny fihaonany tamin'i Elia sy ny fientanam-pony vaovao tamin'ny fanarahana ny dian-tongotr'i Jesosy, dia nahatsiaro ho voatery hanao zavatra tena manan-danja tokoa i Davida.

Indray andro, raha tany an-tsekoly i Davida, dia nanana fahafahana tena tsara izy hampiharana ny matoanteny hoe "mitory." Nanontany an'i Davida ny mpampianany iray, izay nilaza ho tsy mino an'Andriamanitra, hoe nahoana izy no nino an'Andriamanitra. Teo anatrehan'ny mpiara-mianatra taminy rehetra, no niresahan'i Davida tamin-kerim-po sy faharesen-dahatra momba ny antony nananany finoana an'Andriamanitra. Nohazavainy ny maha zava-mahatalanjona ny famoronana sy ny fiantraikan'ny Baiboly teo amin'ny fiainany izay nanova azy. Nihaino tsara ny teny rehetra nolazain'i Davida ireo mpianatra, ary na ilay mpampianatra aza niaiky volana ny amin'ny fiorenan'ny faharesen-dahatra nananany!

Rehefa avy niresaka nandritra ny folo minitra teo ho eo i Davida, dia nifoka rivotra lalina izy ary nizara ny tantara mahagaga momba an'i Jesosy sy ny fomba nanovan'ny finoany Azy ny fiainany manokana. Niresaka momba ny fanantenana sy ny famelan-keloka hita ao amin'Andriamanitra izy, ary ny fomba ahafahan'ny fampihavanana manova ny zava-drehetra.

Nanao izany tamim-pahasahiana izy, nefa koa tamim-panetren-tena sy fitiavana. Tsy niezaka nanery ny hafa handray ny finoany izy fa nizara ny fahamarinana tamin'ny fomba azo antoka sy feno fanajana. Namirapiratra tamin'ny alalan'ny teniny ny hafanam-pon'i Davida sy ny fitiavany marina.

Nitondra fanantenana ho an'ireo tanora nihaino ireo ny fitorian'i Davida. Tahaka an'i Jesosy, nitory ny vaovao mahafaly tamim-pahasahiana sy tamim-pitiavana i Davida, ary nitondra fiovana teo amin'ny sekolin'ilay tanàn-dehibe izy tamin'izay fotoana izay.

Noho izany, ry tovolahy sy tovovavy, ny "fitoriana" dia tsy ny fitenenana eny ambony polipitra fotsiny fa fitadiavana fahafahana isan'andro hizarana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny manodidina antsika koa. Andeha isika hanaraka ny ohatr'i Jesosy sy i Davida, ka hampamirapiratra ny vaovao mahafaly ao amin'ny tanàn-dehibe misy antsika. Azonao atao koa ny ho mpitondra fanantenana sy fiovana eo amin'ny fiainana andavanandro!

## 3. Matoanteny Fahatelo: Nahasitrana

Ny matoanteny manan-danja fahatelo amin'ny diantsika ara-panahy dia ny hoe "manasitrana." Tsy nampianatra sy nitory fotsiny i Jesosy; fa nanasitrana ny marary sy nampionona ny ory ihany koa Izy! Lazaina amintsika ao amin'ny Filazantsaran'i Matio 9:35 fa "nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra" Izy. Tsarovy anefa fa tsy ny fanasitranana ny aretina ara-batana fotsiny no atao; voalaza ao ihany koa ny fanasitranana ny ratra ara-panahy sy ara-pihetseham-po. Ampahany manan-danja amin'ny iraka ataontsika ao an-tanàn-dehibe izany.

Andeha isika hiverina amin'i Davida. Rehefa avy nihaino ireo tanora izy, dia nanjary nahatakatra ny mahazava-dehibe ny fanasitranana. Indray andro, rehefa avy nianatra ny Baiboly i Davida, dia nahatsapa tao am-pony izy fa niantso azy Andriamanitra, tsy mba hampianatra sy hitory fotsiny, fa mba hanompo amin'ny fomba azo tsapaintanana kokoa.

Voamarik'i Davida fa tena marobe ireo tsy manan-kialofana izay nila sakafo sy fitafiana tao amin'ny tanàn-dehibe nisy azy, ary nisy koa ireo zokiolona izay mahalana vao misy vahiny mamangy azy. Nanapa-kevitra ny hiresaka tamin'ny pasitoran'ny fiangonany izy ary nilaza ny faniriany handray anjara amin'ny vondrona mpanao asa fanompoana iray. Nampahafantarin'ilay pasitora azy ny fisian'ny vondrona mambra iray ao am-piangonana izay nanao asa fanompoana tamin'ny fanomezana sakafo ho an'ireo tsy manan-kialofana.

Tsy nisalasala i Davida fa niditra tao amin'io vondrona io avy hatrany. Isaky ny Sabotsy, aorian'ny fanompoam-pivavahana, dia nanampy nikarakara sakafo teo amin'ny roanjato isa teo ho eo niaraka tamin'ny namany izy ary nivoaka nizara izany teny amin'ny araben'ny tanàna. Nameno fifaliana ny fon'i Davida io asa io, ary teo no nahatakarany ny iray amin'ireo fomba ahafahantsika manatanteraka ilay matoanteny hoe "manasitrana".

Tsy midika hoe mitsabo ny marary fotsiny ihany ny fanasitranana, fa midika koa hoe mikarakara ireo izay sahirana. Ao anatin'izany ny fanomezana sakafo sy fitafiana ary fanampiana ho an'ireo tsy manan-kialofana, fitsidihana ireo marary eny amin'ny hopitaly, fiarahana amin'ireo zokiolona eny amin'ny trano fitaizana ny beantitra, fitsidihana ireo mpitondratena, fanehoana fitiavana ny kamboty, izany hoe fanaovana izay vitanao ho an'ireo izay voahilikilika ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao.

Takatr'i Davida, tahaka an'i Jesosy, fa mihoatra noho ny zavatra ara-batana fotsiny ny fanasitranana; fikasihana ny fo sy fanamaivanana ny entamavesatr'ireo izay ory ihany koa izany. Araka izany dia nahita fomba mahery vaika i Davida, tahaka antsika rehetra, hanatanterahana ny matoanteny hoe "manasitrana" ao an-tanàn-dehibe.

Noho izany, ry tanora Misionera An-tanàn-dehibe, aoka isika hanaraka ny ohatr'i Jesosy sy i Davida. Andeha isika hitady fahafahana hanompoana ireo izay sahirana. Afaka manova ny tanàn-dehibe misy anao ianao amin'ny alalan'ny fihetsika feno fitiavana sy fangorahana asehonao!

## Famaranana

Nanahaka ny ohatr'i Jesosy tao antanàn-dehibe i Davida, ilay tovolahy ao amin'ny tantarantsika. Nianatra nampianatra sy nitory ary nanasitrana izy, ary nanova ny fiainan'ny olona maro ny asa fitoriana nataony. Anio dia manana fahafahana mitovy amin'izany isika amin'ny maha-tanora misiônera antsika any an-tanàn-dehibe, mba ho mpitondra fiovana. *Tadidio fa ny fanarahana ny ohatr'i Jesosy dia midika hoe mampianatra amim-pahendrena, mitory amim-pitiavana, ary manasitrana amim-pangorahana.* Amin'ny fanaovana izany no ahafahantsika ho tonga fitaovana mitondra fanovana ao amin'ny tanàn-dehibe misy antsika, ary mitondra fanantenana sy ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ireo izay tena mila izany. Aoka ity iraka ity no hataontsika anton-draharaha sy anton'ny fanoloran-tenantsika. Amena.





## Toriteny 3

# Miatrika ny Fahatsapan-tena ho Manirery ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira

*« Indro, avy ny fotoana; eny, efa tonga, izay hielezanareo samy ho any amin'ny azy avy, ary hilaozanareo ho irery Aho; kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no ato Amiko.»*

Jaona 16:32

## Fampidirana

Olana tsy mitsaha-mitombo maneran-tany ny fahatsapan-tena ho manirery ao an-tanàn-dehibe. Olona maro no mahatsapa tena ho manirery, vokatry ny fironana ho any an-tanàn-dehibe sy ny fiovan'ny fifaneraseran'ny fianakaviana. Tao anatin'ny folo taona farany, nitombo ny mponina an-tanàn-dehibe. Tamin'ny taona 2020, araka ny filazan'ny Firenena Mikambana, dia 55% mahery amin'ny mponina eran-tany no nonina an-tanàn-dehibe, ary heverina hitohy izany fironana izany. Mahagaga anefa, fa mahatsapa ho manirery ny ampahany betsaka amin'ireo mponina ireo, na eo aza ny hamaroan'ny olona any an-tanàn-dehibe. Ny fanadihadiana nataon'ny Vokovoko Mena Amerikanina dia nahita fa mihoatra ny 20% amin'ny olon-dehibe any Etazonia no mahatsiaro ho manirery matetika na mandrakariva.

Tsy mitovy ny fizarazaran'izany fahatsapan-tena ho manirery izany ary misy fiantraikany lalina kokoa amin'ny vondron'olona sasany. Ireo zokiolona, ireo vao tonga ao an-tanàn-dehibe mba hitady fahafaha-manao, ireo miasa lava, ary ireo izay manana asa be fitakiana no matetika mizaka ny vesatry ny fahatsapan-tena ho manirery. Tsy hoe fitokana-monina ara-batana fotsiny ny fahatsapan-tena ho manirery, fa fahatsapana ho tafasaraka sy miavaka amin'ny hafa ihany koa, izay mety hiteraka olana lehibe toy ny fahaketrahana, ny fanahiana, ary ny fiheveran-tena ho ambany.

## Famelabelarana

### I. Ny Olan'ny Fahatsapan-tena ho Manirery

Fahatsapana efa niainantsika rehetra tamin'ny fotoana iray izany hoe manirery izany, sa tsy izany? Ilay fahatsapana milentika ao an-kibonao ao rehefa lavitra ny olona tianao na rehefa mihevitra ianao fa tsy misy miraharaha anao mihitsy. Saingy ilaina ny mahatakatra fa tsy mitovy ny mitokana ho irery sy ny fahatsapan-tena ho manirery. Indraindray, mety ho tsara ny mitokana ho irery. Na i Jesosy aza dia nisintaka ho any amin'ny toerana mangina mba hivavaka na handany fotoana miaraka amin'ireo sakaizany (Matio 14: 13; Marka 1: 35; 6: 31). Misy ireo olona mandany fotoana betsaka mitokana ho irery nefa tsy mahatsiaro ho manirery mihitsy. Ohatra, ny mpahay siansa iray variana amin'ny fikarohana ataony na ny mpanakanto mamorona sanganasa, mety mitokana ho irery izy nefa tsy mahatsiaro ho manirery velively.

Ny hoe mitokana ho irery dia toe-batana kokoa, toy ny rehefa misafidy ny ho irery ianao mandritra ny fotoana fohy. Ny fahatsapan-tena ho manirery anefa dia toe-po; izany hoe rehefa mahatsiaro ho tafasaraka, miavaka, na tsy manana fifandraisana manan-danja amin'olon-kafa ianao. Indraindray, mety ho tsara ny mitokana ho irery, toy ny rehefa mila fotoana hieritreretana na hivavahana mangina ianao.

Ny fahatsapan-tena ho manirery kosa mazàna no fahatsapana ratsy. Mety hitranga aorian'ny fisehoan-javatra mampalahelo toy ny fahafatesan'ny olona tianao izany, na fisaraham-panambadiana, na aretina mafy, na olana toy ny tsy fananana asa. Mety hahatsapa ho manirery isika rehetra amin'ny fotoana iray eo amin'ny fiainana satria mila fifandraisana amin'ny olon-kafa isika, ary indraindray mety ho simba na tsy mahomby izany fifandraisana izany. Rehefa mahatsiaro ho manirery isika aorian'ny fanandramana mangirifiry, amin'izay indrindra no tena ilantsika ny fanohanan'ny olona azo itokiana.

### II. Ny Fanafodin'ny Fahatsapan-tena ho Manirery

Voaresaka imbetsaka ao amin'ny Baiboly ny olan'ny fahatsapan-tena ho manirery. Fantatrao ve fa miseho in-118 ny teny hoe "irery" ao amin'ny Baiboly, nefa mahalana no midika hoe "manirery"? Ity misy zavatra mahaliana iray hafa: ny teny hoe "manirery" (loneliness amin'ny teny

anglisy) dia tsy nomena ny heviny ankehitriny raha tsy vao haingana, tamin'ity taonjato ity, ary tsy niseho tao anatin'ny rakibolana lehibe raha tsy taorian'ny Ady Lehibe II. Raha lazaina amin'ny teny hafa, mbola somary vaovao ny foto-kevitry ny fahatsapan-tena ho manirery amin'ny maha-toetry ny saina.

Rehefa mamaky Baiboly isika, dia mahita teboka lehibe iray eo am-piandohana: Tsy tao anaty fikasan'Andriamanitra mihitsy ny hiainan'ny olombelona irery. Izao no voalaza ao rehefa avy namorona izao tontolo izao tao anatin'ny fito andro Andriamanitra: *"Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany."* (Genesisy 1: 31). Nisy zavatra iray anefa tsy hitan'Andriamanitra hoe tsara: *"Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy."* - Genesisy 2: 18. Raha mandinika ny fitantarana ao amin'ny Genesisy 1 isika, tsikaritra fa noforonina hisy maromaro ny biby: ny *"vorona"* (Genesisy 1: 20), ny *"trondro"* (Genesisy 1: 21), ary ny *"bibi-dia"* (Genesisy 1: 25). Fa ny olombelona kosa noforonina irery (Genesisy 1: 26). Tsy drafitr'Andriamanitra anefa ny hiainantsika tahaka izany mandrakizay. Fantatr'Andriamanitra fa tsy mahasoa antsika ny fahatsapan-tena ho manirery, ka nanapa-kevitra ny hamorona sakaiza sahaza ho azy Izy. Araka izany, milaza amintsika ny Baiboly ao amin'ny Genesisy 2:22 fa noforonin'Andriamanitra ny vehivavy avy tamin'ny taolan-tehezan'ny lehilahy. Avy eo, nitsodrano azy ireo Andriamanitra ka nanome azy didy hoe: *"Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy."* - Genesisy 1: 27-28 MG1865.

Araka ny hitantsika eto, tsy anisan'ny drafitr'Andriamanitra tany am-boalohany ho an'ny olombelona ny fahatsapan-tena ho manirery. Zava-manana aina ara-tsosialy isika. Natao hifandray amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa isika. Teraka tamin'ny fahaiza-manao voajanahary hamorona fifamatorana ara-tsosialy isika…. Tena ilaina amin'ny fahavelomantsika ireo fatorana ara-tsosialy miaraka amin'ny Mpamorona sy ny mpiara-belona amintsika ireo. Kanefa nanakorontana izany drafitra izany ny fahotana, ary izao isika mety hahatsiaro ho manirery sy tapaka fifandraisana amin'Andriamanitra sy ny hafa.

Noho izany, rehefa miresaka momba ny fahatsapan-tena ho manirery isika, dia mila mahatakatra fa misy fiantraikany amintsika amin'ny ambaratonga roa lehibe izany. Voalohany, ara-panahy. Ny fahatsapan-tena ho manirery ara-panahy no ambaratongan'ny fahatsapan-tena ho manirery voalohany iainan'ny olona. Araka ny voalaza teo aloha, noforonin'Andriamanitra mba hanana fifandraisana Aminy isika. Indrisy anefa fa olona maro no lasa lavitra an'Andriamanitra ary mahatsiaro ho manirery ara-panahy. Izany no antony mahatonga azy ireo mahatsiaro ho manirery na dia voahodidin'ny olona sy manana izay rehetra tiany aza izy ireo. Tsy tsapan'izy ireo fa tsy afaka mameno izany banga eo amin'ny fiainany izany na ny vola na ny fananana. Tsy azo fenoina afa-tsy amin'ny alalan'ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra ihany ny fahatsapan-tena ho manirery ara-panahy.

Rehefa manana fifandraisana amin'Andriamanitra ianao, dia mety ho irery ara-batana saingy tsy mahatsiaro ho manirery. Diniho ny tantaran'i Josefa: namidy ho andevo izy, tafasaraka tamin'ny fianakaviany sy ny namany, nentina tany amin'ny toerana tsy nahazatra azy izay tsy hainy ny fiteny sy ny fomba amampanao tao. Raha fintinina, azo lazaina ho irery izy amin'ny hevitry ny olombelona. Hoy anefa ny Baiboly: *"Ary Jehovah nomba an'i Josefa, dia lehilahy nambinina izy."* - Genesisy 39: 2. Tsy nahatsiaro ho manirery izy na dia irery aza.

Tahaka izany koa i Jesosy, tamin'ny andro farany niainany teto an-tany, rehefa nilaozan'ny namany. Namidy tahaka an'i Josefa Izy. Saika niala avokoa ireo rehetra izay nanaraka Azy. Indray mandeha i Jesosy nilaza hoe: *"Indro, avy ny andro, eny, efa tonga, izay hielezanareo samy ho any amin'ny azy avy, ary hilaozanareo ho irery Aho"* (Jaona 16: 32 MG1865). Tena toe-javatra henjana tokoa, sa tsy izany? Fa hoy koa Izy: "kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no ato amiko."

Eo koa ny apostoly Paoly, izay tavela ho irery ihany koa tamin'ny fotoantsarotra. Hoy izy: *"Tamin'ny nandaharako voalohany hanala tsiny ny tenako dia tsy nisy nomba ahy, fa nandao ahy avokoa izy rehetra."* - 2 Timoty 4:16. Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fahatsapan'ity mahery fon'ny fahamarinana ity! Ilay nanorina fiangonana maro, nitory tamin'ny olona maro, ary nampianatra zavatra maro. Nahatsiaro ho irery izy. Afaka nanoratra anefa izy hoe: *"Kanefa ny Tompo nitsangana teo anilako ka nampahery ahy."* - 2 Timoty 4: 17. Tsy mba nahatsiaro ho manirery velively i Paoly, na dia irery ara-batana aza.

Afaka manana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra koa ianao, tahaka an'i Josefa sy i Jesosy ary i Paoly. Afaka miaina sy mandeha isan'andro eo ambany fanatrehany ianao. Raha manana izany fifandraisana izany amin'Andriamanitra ianao, dia hankafy ny fiarahana Aminy amin'ny fomba izay tsy hahatsiarovanao ho manirery mihitsy, na irery aza ianao ao anatin'ny toe-javatra iray.

Faharoa, mifandray amin'ny fifandraisan'ny olombelona ny fahatsapan-tena ho manirery. Izany no antsointsika hoe "fahatsapan-tena ho manirery ara-pifandraisana." Na nanana fifandraisana tonga lafatra tamin'Andriamanitra aza i Adama tamin'ny voalohany, dia mbola nahatsapa ny filàn'ny fiarahana tamin'ny olombelona hafa izy. Tsy nodian'Andriamanitra tsy hita na nohamaivaniny izany filàna izany. Nanamboatra olona izy mba hanomezana fahafaham-po izany filàna izany. Fantatr'Andriamanitra fa mila namana isika amin'ny maha-olombelona antsika. Toy ny marika fampitandremana ny fahatsapan-tena ho manirery: tahaka ny hanoanana milaza aminao fa mila sakafo ianao, ny fahatsapan-tena ho manirery kosa dia milaza aminao fa mila namana ianao.

Rehefa manangana fifandraisana mafy orina amin'ny hafa isika izay vao mety sitrana ny "fahatsapan-tena ho manirery ara-pifandraisana." Ary fantatrao ve? Misy toerana iray ahafahanao manao izany! Mazava ho azy fa afaka manao izany ianao

ao anatin'ny fianakavianao, any am-piasana, any am-pianarana, na any amin'ny vondrona mpanohana. Saingy ny ao anatin'ny fiangonana no anisan'ny fomba tsara indrindra.

Mamelà ahy hanazava zavatra alohan'ny hanohizantsika. Rehefa miresaka momba ny fiangonana ny Baiboly, tsy ilay trano no resahiny fa ny vondron'ny mpino izay voavonjy tamin'ny fahasoavan'i Jesosy Kristy (1 Petera 2: 9). Noho izany, rehefa mandinika izay lazain'ny Baiboly momba ny fiangonana ao amin'ny Testamenta Vaovao isika, dia tsikaritra fa momba ny fiarahamonin'ny Kristianina izay mifampitsinjo, mifankatia, mifampiantrano, mifampiarahaba, mifanompo, mifampianatra, mifamela heloka, mifanohana, ary mifanampy amin'ny lafiny maro. Raha aravona, ekipa iray izay mifanohana hatrany izy ireo.

## Famaranana

Raha fintinina, ***tsy tian' Andriamanitra hahatsiaro ho manirery ianao.*** Afaka mifandray Aminy sy amin'ny hafa ianao, ka tsy hahatsiaro ho manirery mihitsy. Nandritra ny iray tamin'ireo fivorianay, nisy zatovovavy iray izay niady tamin'ny fahaketrahana sy ny fanahiana nandritra ny taona maro niditra tao. Tena vitsy ny namany ary nandany ny ankamaroan'ny fotoany irery tao an-tranony izy. Zara raha nivoaka izy raha tsy rehefa handeha hiasa sy ho any amin'ny mangazay akaiky indrindra hividy izay ilainy. Nilaza izy fa toa tsy misy dikany ny fiainana, ary ny fahatsapan-tena ho manirery no namana miaraka aminy mandrakariva.

Indray andro anefa, nahazo fanasana izy tamin'ny alalan'ny mpiara-miasa iray hanatrika ny iray amin'ireo fotoam-pivavahanay. Nanao fialan-tsiny imbetsaka izy tamin'ny voalohany, saingy nisisika hatrany ilay namany ka niteny izy tamin'ny farany hoe: "Eny ary, handeha indray mandeha aho mba hanandrana hoe inona izany". Tonga tany am-piangonana àry izy indray Sabotsy, ary nandany saika ny tontolo andro niaraka taminay. Nifampizara sakafo antoandro nahafinaritra niaraka taminay izy, ary nivoaka niaraka tamin'ny mpiangona maromaro ny tolakandro mba hizara sakafo ho an'ireo sahirana. Tena andro niavaka tokoa io andro io araka ny filazany. Efa an-taonany maro izay no nahatsapany farany fa noraisina tsara izy, na taiza na taiza izany.

Nanapa-kevitra ny hiverina izy ny herinandro manaraka. Nasain'ireo tanora izy hanatrika fivoriana tany amin'ny tranon'ny iray amin'izy ireo, ary nanaiky izy. Nanaitra azy ny zavatra hitany: nankafy ny fiainana tamin'ny fomba mahasalama ireo olona ireo, tsy nila toaka na zava-mahadomelina. Talanjona tanteraka izy. Nahatsiaro ho voaray sy nomena lanja izy. Fanampin'izany, nanomboka nandray hafatra an-tsoratra isan-kerinandro misy andinin-teny manome aingam-panahy izy. Nisy andiana tovovavy nampiditra azy tao anatin'ny antom-bavaka manokana nataon'izy ireo. Tena tsy nanam-potoana ara-bakiteny intsony izy hahatsiarovana ho manirery.

Nanapa-kevitra ny hatao batisa izy, enim-bolana taorian'ny fitsidihana voalohany nataony. Talohan'ny batisany dia nizara fijoroana ho vavolombelona izy ary nilaza fa ny fitiavana noraisiny avy amin'ireo ankizy sy tanora ary olon-dehibe tao amin'ny fiangonana no nanampy azy handresy ny fahatsapany ho manirery. Afaka tanteraka izy amin'izao fotoana izao, nandao tanteraka ny fahazarany mifoka sigara sy misotro toaka, fa ny tena zava-dehibe indrindra, manana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa izy.

Noho izany ry tanora, mizara ity tantara ity aho mba hilazana aminareo fa maro ny olona ao an-tanàn-dehibe izay mahatsiaro ho manirery toa an'ity tovovavy ity talohan'ny nihaonany tamin'ny fiangonantsika. Mety mitolona mafy amin'ny zavatra toy ny fahaketrahana sy ny fanahiana izy ireo, saingy afaka hitondra fiovana lehibe eo amin'ny fiainany ny fisakaizana marina.

Ny fanasana omena antsika dia ny handeha hitady ireo izay mahatsiaro ho manirery, hanolo-tanana azy ireo, ary haneho azy ireo ny fitiavana sy ny fifaliana hitanao tao amin'i Jesosy. Tsy fantatrao hoe hatraiza ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainan'ny olona iray.

Vonona ny hanatanteraka izany fihaikana izany ve ianao?

Andeha hataontsika ho toerana tsy hahatsiarovana ho manirery ho an'ny rehetra ny tanànantsika. Afaka mitondra fiovana isika rehefa miaraka!





## Toriteny 4:

# Miatrika ny Fahaketrahana (Dépression) ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Nampiakatra ahy avy tao amin'ny lavaka fandringanana Izy; eny, tamin'ny fotaka mandrevo; nampitoetra ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ka nampijoro ahy.»*

Salamo 40:2

## Fampidirana

Andao hihaona amin'i Ana, tovovavy iray niaina nandritra ny fiainany manontolo tao an-tanàn-dehibe. Tiany ny zava-drehetra mampientanentana sy manitikitika ny maso atolotry ny fiainana an-tanàn-dehibe: ny kolontsaina, ny sakafo ary ny fahafaha-manao araka asa. Saingy tato ho ato, misy zavatra toa tsy mety. Toa nanjary reraka izy ary tsy misy heviny aminy intsony ireo hetsika izay nampientanentana azy sy ny fifandraisana ara-tsosialy mahafa-po azy taloha.

Herintaona teo ho eo izay, nanomboka nahatsapa alahelo lalina izay tsy mety afaka mihitsy i Ana. Mahatsiaro ho reraka mafy izy rehefa mifoha amin'ny maraina, na dia nandany ny alina manontolo teo ampandriana aza. Tonga enta-mavesatra tsy zaka ny asany, ary nanjary sahirana izy nifantoka tamin'ny zavatra nahafinaritra azy taloha. Tsikaritr'ireo namany fa nanomboka nihatakataka izy ka tsy nanana faniriana hivoaka na hifanerasera amin'ny hafa intsony. Nameno azy tamin'ny fanahiana be ny fieritreretana ny hiatrika ny fifamoivoizana an-tanàn-dehibe hihaona amin'ny namany.

Hitan'i Ana ihany koa fa niova ny fahazotoany misakafo. Indraindray izy mihinana be loatra mba hamenoana ny banga ara-pihetseham-po, fa indraindray kosa izy tsy manampahazotoana hisakafo mihitsy ary nihena ny lanjany. Tonga ady tsy tapaka ny torimaso rehefa miady amin'ny tsy fahitan-tory izy ary mifoha amin'ny misasak'alina miaraka amin'ny eritreritra ratsy.

Farany, taorian'ny volana maromaro nitondrany mangina io enta-mavesatra io, nanapa-kevitra ny hitady fanampiana i Ana. Nandeha nijery thérapeute izy (mpitsabo izay mitsabo amin'ny fijerena ny fifandraisan'ny fihetseham-po, ny fisainana, ny safidy sy ny fihetsika) ary nanomboka niresaka momba ny fahatsapany alahelo sy fanahiana ary tsy fananana fanantenana. Nanamarina taminy ilay thérapeute fa voan'ny fahaketrahana ara-pahasalamana (dépression clinique) izy ary nanolotra drafitra fitsaboana ho azy izy.

## Famelabelarana

### I. Ny Olan'ny Fahaketrahana

Tahaka ny rahona maizina izay tsy mora levona ny fahaketrahana ary mety hahavoa ny olona rehetra, na tanora toa ahy sy ianao aza. Mety hahatonga anao hahatsapa alahelo sy tsy fahalianana amin'ny zavatra nahafinaritra anao taloha izany, ary mety hahatonga anao hahatsiaro tena ho meloka na tsy misy lanjany. Mety hisy fiantraikany amin'ny torimasonao sy ny fahazotoan-komanao koa izany, ka hahatonga anao tsy hanana hery firy.

Misy karazany maro ny fahaketrahana, toy ny:

- **Fahaketrahana vokatry ny toe-javatra** (*Dépression Situationnelle*): Mitranga izany vokatry ny toe-javatra mahatonga faharerahan-tsaina lehibe toy ny famoizana olontiana na olana ara-bola. Mety hanjavona izany rehefa mihatsara ny toe-javatra.

- **Fahaketrahana araky ny vanim-potoana** (*Dépression Saisonnière*): Misy ny olona sasany malahelo amin'ny vanim-potoana sasany amin'ny taona, toy ny amin'ny ririnina rehefa tsy dia misy masoandro loatra.
- **Fahaketrahana melankolika** (*Dépression Mélancholique*): Mahery vaika ny soritr'aretina eto. Hahatsiaro ho tsy liana amin'ny hetsika na asa rehetra ianao, hihena be ny lanjanao, mety ho sahiran-tsaina na miadan-tsaina be ianao, ary mahatsiaro ho meloka.
- **Fahaketrahana ara-tsaina** (*Dépression Psychotique*): Mbola sarotra kokoa izany, sady miampy hallucinations (fahitana na fandrenesana zavatra tsy misy) na délires (finoana zavatra diso na namboarina). Manampy sosona fanampiny maha-sarotra kokoa ny aretina izany.
- **Aretin'ny Fahaketrahana Lehibe** (*Trouble Dépressif Majeur*): Ity no endrika mahazatra indrindra, izay ahitana alahelo lalina, tsy fahalianana amin'ny zavatra, fiovan'ny fahazotoan-komana sy ny torimaso ary soritr'aretina hafa izay misy fiantraikany amin'ny fiainana andavanandro.

Mety ho toerana mora hitomboan'ny fahaketrahana ny tanàn-dehibe noho ny adin-tsaina, ny tsy fisian'ny fifandraisana amin'ny natiora, ny loto, ary ny antony hafa, toy ny lohahevitra nojerentsika omaly, ny fahatsapantena ho manirery. Mety hiantefa amin'ny olona maro any amin'ny tontolon'ny tanàn-dehibe ireo antonjavatra ireo, ary ilaina ny mahafantatra ny fiantraikan'izany amin'ny fahasalamantsika ara-tsaina.

Mety hahavoa ny tanora sy ny olondehibe avokoa ny fahaketrahana. Araka ny tatitra statistika navoaka, 20% mihoatra amin'ny zatovo eran-tany no voan'ny aretin-tsaina.[1]

## Ny Fahaketrahana ao amin'ny Baiboly

Na dia ampifandraisina matetika amin'ny siansa ara-pitsaboana môderina aza ny fahaketrahana, efa hita fahiny tamin'ny taloha elabe ny fakany, eny fa na ao amin'ny fitantarana ara-Baiboly aza. Ahitana tantara ao amin'ny Baiboly momba ny andiana olo-manan-kaja izay niatrika fotoana feno alahelo lalina sy ny famoizampo. Amin'ny alalan'ireo tantara ireo no ahafahantsika mandinika ny fomba ahafahan'ny finoana sy ny fanantenana ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra

1 https://www.unicef.org/mexico/comunicados-prensa/m%C3%A1s-del-20-de-los-adolescentes-de-todo-el-mundo-sufren-trastornos-mentales

ho loharano sy fitaovana hiatrehana ny fahaketrahana ary hitadiavana ny lalana mankany amin'ny fahasitranana. Andeha isika hijery ohatra vitsivitsy:

## 1. Davida: Lehilahy Araka ny Fon'Andriamanitra

I Davida, fantatra amin'ny fiantsoana hoe "lehilahy araka ny fon'Andriamanitra", dia nandalo fotoana feno alahelo sy fahoriana lalina. Fijoroana ho vavolombelona lalina ny amin'ny ady ara-pihetseham-po nandalovany ireo Salamo nosoratany. Nanoratra toy izao i Davida ao amin'ny Salamo faha-42: *"Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra, fa mbola hidera Azy ihany aho, Izy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro."* - Salamo 42: 11 MG1865.

Hita ao amin'io andalan-tSoratra Masina io ny faneken'i Davida ny fahoriany, nefa koa mahita hery ao amin'ny finoany izy mba hikatsahana fanantenana sy fanampiana avy amin'Andriamanitra. Mampianatra antsika izany fa mety ny ho fahazavana mpitari-dàlana ho an'ireo izay miady amin'ny fahaketrahana ny finoana, na dia ao anatin'ny famoizam-po aza.

## 2. Jeremia: Ilay Mpaminany Mitomany

Ohatra iray hafa ao amin'ny Baiboly momba ny olona izay niaina alahelo lalina i Jeremia, fantatra amin'ny fiantsoana hoe "mpaminany mitomany". Ny bokiny, ny Bokin'ny Fitomaniana, dia feno filazana fanaintainana sy alahelo noho ireo loza hitan'ny masony. Nanoratra toy izao i Jeremia tao anatin'ny fijaliany: *"Izany no ho eritreretiko ato am-poko, ka dia hanantena aho. Ny famindram-pon'i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany."* (Fitomaniana 3: 21, 22 MG1865).

Na teo aza ny faharavana nanodidina an'i Jeremia, mampahatsiahy antsika ny fahaizany misaintsaina sy mahita fanantenana ao am-pony fa afaka ny hitarika ho amin'ny fahasitranana ara-panahy ny fandinihan-tena sy ny fanantenana na dia ao anatin'ny fotoana maizina indrindra aza.

## 3. Elia: Ilay Mpaminany Reraka

Olona iray hafa ao amin'ny Baiboly niatrika fahaketrahana ny mpaminany Elia. Taorian'ny fandresena lehibe teo amin'ireo mpaminanin'i Bala, nahatsiaro ho tototry ny harerahana sy ny tahotra i Elia ka naniry ny ho faty. Kanefa, tao anatin'ny famoizam-pony, no nanaovany fanandramana ny amin'ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny bitsika malefaka (1 Mpanjaka 19:12).

Mampianatra antsika ny tantaran'i Elia fa mety ho loharanon-kery sy fanavaozana ara-panahy ny fanatrehan'Andriamanitra na dia ao anatin'ny fotoana faran'ny fahaketrahana aza.

### III. Ny Lalana Mankany Amin'ny Fandresena ny Fahaketrahana

Ry tanora malala, mety misy olona fantatrao, na koa mety ny tenanao mihitsy aza, miady amin'ny fahaketrahana ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao. Ireto misy torohevitra vitsivitsy afaka manampy amin'izany toe-javatra izany:

- **Vavaka sy Fikatsahana ny Fanatrehan'Andriamanitra**: Fomba iray hahazoana fampiononana sy fanantenana ary hery mandritra ny fahaketrahana ny vavaka.
- **Fanohanana Ara-piarahamonina sy Ara-panahy**: Tena zava-dehibe ny fifandraisana amin'ny mpino hafa sy ny fanohanan'ny fiaraha-monina kristianina. Afaka manome fahatsapana ho anisany sy fanohanana ara-pihetseham-po ny fandraisana anjara ao amin'ny fiangonana, na vondrona mpanohana, na fiaraha-monin'ny finoana iray.
- **Famakiana sy Fandinihana ny Soratra Masina**: Afaka manampy betsaka ny famakiana ny Baiboly sy ny fisaintsainana momba ireo andinin-teny miresaka momba ny fanantenana sy ny tanjaka ary ny fandresena ireo zava-tsarotra.
- **Mitady Torohevitra Kristianina**: Afaka manome fitarihana ara-panahy sy ara-pihetseham-po manokana momba ny fahaketrahana amin'ny fomba fijery ara-Baiboly ny mpanolo-tsaina kristianina na pasitora voaofana amin'ny fanoroana hevitra.
- **Mampihatra ny Famelan-keloka sy ny Fankasitrahana**: Dingana manome fahafahana ho an'ny tena ny fianarana mamela ny hafa sy mamela ny tena.
- **Miala amin'ny Fitokanana**: Mety hahasoa ny tena ny fiarahana amin'ny namana sy ny havana ao amin'ny finoana.
- **Mitady Fanampiana Matihanina rehefa Ilaina**: Aretina tena misy ny fahaketrahana, ary ilaina ny fitsaboana matihanina toy ny thérapie na ny fanafody amin'ny trangan-javatra maro.
- **Mandray am-po ny Fahasoavana sy ny Fitiavan'Andriamanitra**: Afaka manampy amin'ny fanamaivanana ny fahatsapan-tena ho meloka na ny henatra mifandray amin'ny

fahaketrahana ny fahatsiarovana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahasoavany.

## Famaranana

An'arivony ny tanora sy ny olon-dehibe ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao izay miady amin'ny fahaketrahana. Fotoana izao hanomezana fanantenana azy ireo. Fotoana izao hilazana amin'izy ireo fa manana ny hery hisintona azy ireo hiala ao amin'ny lavaky ny famoizam-po Andriamanitra. Ry tanora malala, raha miady amin'ny fahaketrahana ianao na ny olona iray fantatrao, dia ny fitadiavana fanampiana eo amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-pitsaboana no fomba tsara indrindra hamahana ny toe-javatra. Misy ireo loholona sy diakona vonona hanampy anao sy hanome anao loharano sy fitaovana hitadiavana mpitsabo matihanina momba ny aretin-tsaina. Tsy maniry afa-tsy ny hamono sy hangalatra ary handrava ny fiainanao ny devoly, KANEFA tonga Andriamanitra mba hanananao fiainana be dia be. Andriamanitra dia maniry fiainana ho anao, ary izahay koa mba maniry fiainana ho anao. Mangataha fanampiana!

Mahereza, ary andao isika hiatrika miaraka ny olan'ny fahaketrahana ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao.





## Toriteny 5

# Miatrika ny Aretina ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie ianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany.»*

3 Jaona 2

## Fampidirana:

Tsy misy fiatoana mihitsy ny fiainana an-tanàn-dehibe, indrindra eo anivon'ny tanàn-dehibe malaza sy be mponina iray. Feno olona maika lalandava ny arabe, ary toa nanakatra nikasika ny lanitra toy ny tilikambo feno finiavana ireo trano mijoalajoala. Saingy nisy loza tsy hita maso niafina tao ambanin'izany rendrarendra sy endrika môderina rehetra izany.

Indray marainan'ny ririnina nangatsiaka, nanomboka niely ny tsaho momba ny aretina iray izay tsy nisy nahafantatra na iza na iza. Nahatsiaro ho toy ny voan'ny gripa mahafaty ny olona, niaraka tamin'ny tazo mahery vaika, fahasarotana amin'ny fisefoana ary kohaka tsy misy fitsaharana. Tsy nisy niraharaha firy izany tamin'ny voalohany satria mazava ho azy fa fahita any amin'ny tanàn-dehibe be mponina toy izao ny gripa sy tazo, sa tsy izany?

Nanomboka niparitaka be anefa ilay aretina. Feno tao anatin'ny fotoana fohy ireo hopitaly, ary tonga be asa kokoa noho ireo tambajotran-tserasera ireo dokotera. Namoaka fampitandremana mena ny manampahefana ara-pahasalamana ary nanomboka nanadihady ny zava-nitranga tamin'ity aretina ity. Nanadihady ny fomba nielezan'io aretina io ny manampahaizana momba ny fahasalamambahoaka ary nahita fa nisy ifandraisany tamin'ny tsenan-tsakafo somary "hafakely" iray tao afovoan-tanàna ilay aretina, izay fivarotana biby tsy fahita firy.

Nihorohoro ny tanàna rehefa nanamafy izy ireo fa endrika vaovao amin'ny virosy afaka mifindra avy amin'ny biby mankany amin'ny olona ilay aretina. Nanao hetsika izy ireo vokatr'izany ary nanambara fihibohana, ka nampiato ny tanàna iray manontolo! Nakaton'izy ireo tao anatin'ny indray mipi-maso io tsena hafahafa io, saingy efa tara loatra ka tsy nampitsahatra ilay aretina izany. Olona an'arivony no voan'ilay aretina, ary nitombo ny taham-pahafatesana.

Nilatsaka tao anatin'ny korontana tanteraka ilay tanàn-dehibe. Nivadika ho toy ireny ao anaty sarimihetsika momba ny fiafaran'ny tany ireny ireo arabe feno olona teo aloha. Nijanona tao an-tranony ny olona noho ny tahotra, nanidy ny varavarany ny orinasa, ary nitodika 180 degre ny toe-karena. Teo am-pototry ny faharavana ny hopitaly, ary niasa toy ny tsy misy ampitso intsony ny mpitsabo mba hikarakarana ny marary.

Na dia toa tantara foronina aza ity tantara ity, fantatsika fa marina izany. Mety ho marefo kokoa noho izay heverintsika ny fiainana an-tanàn-dehibe, ary tena ilaintsika ny miomana sy miara-miasa rehefa miatrika aretina ao amin'ny tanàn-dehibe môderina.

## Famelabelarana

### I. Aretina ao amin'ny Tanàn-dehibe

Olana sarotra mifandray amin'ny fiainana an-tanàn-dehibe sy ny fahasalaman'ny olona ny aretina ao amin'ny tanàn-dehibe. Andeha hojerentsika ny sasany amin'ireo antony lehibe mahatonga izany olana izany:

- **Fahalotoan'ny Rivotra**: Any amin'ny tanàna maro, dia olana lehibe ny rivotra fohintsika noho ny fahamaroan'ny fiara sy ny orinasa ary ny loharanon'ny fahalotoana hafa. Mety hiteraka olana amin'ny taovam-pisefoana, toy ny asthme, ny bronchite, ary olana amin'ny fo ity fahalotoana ity.

- **Fahalotoan'ny rano**: Tena ilaina ny rano any an-tanàn-dehibe, saingy mety hiteraka voka-dratsy izany raha tsy voakarakara tsara. Mety hiparitaka ny aretina azo avy amin'ny rano, toy ny kôlerà raha tsy voakarakara tsara ny fantsona sy ny fanadiovan-drano.

- **Hamaroan'ny Mponina**: Mitangorona toy ny sardinina ao anaty boaty ny olona any an-tanàn-dehibe, ka mahatonga ny areti-mifindra ho mahazatra kokoa. Mety hiparitaka mora kokoa ny gripa, ny COVID-19, ary ny aretina hafa any amin'ny faritra be mponina.

- **Fahafaha-miditra Voafetra amin'ny Tolotra Ara-pahasalamana**: Manana hopitaly sy toeram-pitsaboana eny rehetra eny ny tanàn-dehibe, kanefa tsy mora foana ho an'ny rehetra ny miditra sy mahazo fikarakarana. Misy ireo olona sasany tsy ampy enti-manana na mipetraka lavitra ny toeram-pitsaboana, ka sarotra ny miatrika aretina.

- **Olana amin'ny Fahasalaman'ny Saina**: Olana tena mampanahy ao amin'ny tanàn-dehibe ny adin-tsaina, ny fanahiana ary ny fahaketrahana. Mety hanahiran-tsaina ny fiainana an-tanàn-dehibe noho ny fifaninanana araka asa, ny fifamoivoizana, ny fiainana samy maka ho azy, ary ny antony hafa, izay mahatonga ny olana amin'ny fahasalaman'ny saina.

- **Bibikely sy biby mpikiky**: Any amin'ny tanàn-dehibe sasany, mety mamindra aretina ny bibikely toy ny moka sy ny biby mpikiky raha tsy voafehy tsara. Ohatra, mety hiparitaka amin'ny alalan'ny kaikitra na ny fifandraisana amin'ireo bibikely ireo ny dengue sy ny aretina hafa.

- **Fiainana mipetrapetraka**: Maro amin'ny mponina an-tanàn-dehibe no mipetrapetraka noho ny fananana asa birao sy ny tsy fahampian'ny toerana ahafahana manao fanatanjahan-tena. Mety hiteraka olana ara-pahasalamana toy ny matavy loatra sy aretina mifandray amin'ny fo izany.

- **Fahalotoana amin'ny Tabataba**: Mety miteraka harerahan-tsaina be ary manelingelina ny torimaso ny tabataba tsy an-kiato ao an-tanàn-dehibe. Mety hisy fiantraikany amin'ny tosidra sy ny fialan-tsasatra izany, izay mety hiteraka olana ara-pahasalamana.

## II. Andriamanitra sy ny Fahasalamana

Andriamanitry ny fahasalamana ny Andriamanitry ny Baiboly. Ao amin'ny 3 Jaona 2 no ahitantsika hafatra mahery vaika toy izao: *"Ry malala, mangataka aho mba hambinina sy ho salama amin'ny zavatra rehetra anie ianao, tahaka izay anambinana ny fanahinao ihany."* Tsy tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny olombelona mihitsy ny aretina tany amboalohany. Azonao sary an-tsaina ve ireo ray aman-drenintsika voalohany tao anatin'ny fomba fiaina ara-pahasalamana toy izany? Tsy misy fahalotoana, ao anaty tontolo mahasalama, mihinana voanjo, voamaina ary voankazo voajanahary, tsy misy akora simika hafahafa.

Nilaza i Ellen G. White, izay nanoratra betsaka momba ny fahasalamana, fa niaina tao anatin'ny fahasalamana tonga lafatra ireo ray aman-drenintsika voalohany. Lava sy tsara tarehy izy ireo, toy ny nalaina tamin'ny sary izany. Lava kokoa noho ny olona ankehitriny i Adama, ary somary fohy kokoa noho izy i Eva nefa tena tsara tarehy sy kanto.[2]

---

2 Ellen G. White, *Patriarka sy Mpaminany* (Washington, D.C.: *Review and Herald Publishing Association*, 2018), t. 25.2

Nanana fahasalamana tonga lafatra i Adama sy Eva. Nanana fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina ary ara-tsosialy izy ireo. Ny tsara indrindra, nifandray lalina tamin'Andriamanitra izy ireo, izay nanome azy ireo fahasalamana ara-panahy mahatsiriritra. Na izany aza, voakorontana io fahasalamana tonga lafatra io. Niova ny zava-drehetra rehefa nifidy ny tsy hatoky an'Andriamanitra i Adama sy i Eva ka noroahina tao amin'ny paradisa, ary nipoitra ny aretina tamin'ny faritra rehetra.

Milaza ny amin'ny fomba nahalavoan'ny mpivady voalohany teo anatrehan'ny fahavalon'Andriamanitra sy ny nandaozan'izy ireo ny Mpamorona azy ny Genesisy 3. Kanefa mbola miahy fatratra ny fahasalamantsika Andriamanitra na teo aza ny fikomian'ireo ray aman-drenintsika voalohany.

Namela teny fikasana Andriamanitra, noho ny fitiavany tsy manam-petra, izay manome fahafahana hiaina fiainana salama. Tamin'ny voalohany, nanome io fampanantenana io ho an'ny Isiraelita nandritra ny diany tany an-tany efitra Andriamanitra, nefa azontsika raisina koa izany, araka ny voalazan'ny Romana 15: 4 hoe: *"Fa izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina"* (MG1865).

Jereo ny fampanantenana nomen'Andriamanitra ny Isiraely tamin'ny alalan'i Mosesy ao amin'ny Eksodosy 15: 26: *"Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao."* (MG1865).

Nanana fitsipika ara-pahasalamana nandroso ny Israelita fahiny. Nisy boky tranainy iray antsoina hoe "Ebers Papyrus", nosoratan'ny Egyptianina tany amin'ny taona 1500 tlk, tamin'ny andron'i Mosesy, hitan'ny ireo arkeology. Io boky io no mpitari-dalana ho an'ny fahasalaman'ny Egyptianina, na dia hafahafa aza ny hevitra sasany ao anatiny. Andeha hojerentsika ny sasany amin'ireo torohevitra ara-pitsaboana hita ao amin'ity papyrus ity, fa tandremo tsara anefa, aza andramana atao any an-trano izany!

Mba hisorohana ny volo fotsy, ohatra, nanoro hevitra izy ireo ny hanosorana ran'ny saka mainty nandrahoina tamin'ny menaka na tavin-bibilava (crotale) amin'ny volonao. Ary raha tsy te ho sola ianao dia tsy maintsy mampiasa karazana tavy enina: soavaly, hipopotama, voay, saka, bibilava ary osy. Ary manafangaro tantely amin'ny vovoka nifin'ampondra ianao mba hanamafisana ny volonao. Ahoana moa izany?

Raha toa ka voan'ny somisika ianao, dia anisan'ny fanafody ilainao amin'ny fitsaboana ny "ran'ny kankana sy maloton'ampondra." Anisan'ny torohevitra hafahafa hita ao ihany koa ny "ran'ny androngo, nifin-kisoa,

hena simba, hamandoana avy amin'ny sofin-kisoa, eny fa na dia ny maloton'olombelona sy biby ary lalitra aza". Alaivo sary an-tsaina hoe nanome anao ireo torohevitra ireo ny dokoteranao amin'izao fotoana izao! Hadalana manao ahoana re izany! Ireny no "manam-pahaizana" tamin'ny andron'i Mosesy.

Azo antoka fa fantatr'i Mosesy ireo asa soratra "Ebers Papyrus" ireo satria nianatra ny fahalalana rehetra nananan'ny Egyptianina izy araka ny Soratra Masina. Fa ny tena mahaliana dia tsy ho hitanao ao amin'ny Baiboly mihitsy ireo torohevitra hafahafa ireo. Nahoana? Araka ny efa voalazantsika teo, nandroso lavitra noho ny vanim-potoany ny lalàna momba ny fahasalamana nomen'Andriamanitra ny olony.

Tamin'ny Moyen Âge, ohatra, niharan'ny "Pesta Mainty" i Eoropa. Olona iray isaky ny efatra no namoy ny ainy tamin'ny pesta, ary tsy nisy nahafantatra ny fomba hanakanana izany satria tsy nahatakatra ny microbiologie tahaka antsika ankehitriny izy ireo. Fantatrao ve hoe inona no namonjy azy ireo? Ny Baiboly! Nitodika tany amin'ny Soratra Masina izy ireo tamin'ny farany, indrindra fa ny Levitikosy 13: 46, izay manao hoe: *"Amin'ny andro rehetra izay haharariany amin'izany aretina izany dia haloto izy; eny, maloto izy, dia hitoetra mitokana, ka eny ivelan'ny toby no itoerany."* (MG1865). Nianaran'izy ireo tao amin'ny Baiboly ny maha zava-dehibe ny fanokanana ny marary amin'ny toerana iray.

Manome toromarika mazava momba ny fomba hikarakarana ny fahasalamantsika ny Baiboly, tsy ny fahasalamana ara-batana ihany, fa ny ara-pihetseham-po, ny ara-piarahamonina sy ara-kolontsaina, ary indrindra ny fahasalamana ara-panahy.

Inona ny hevitrao?

## Famaranana

Ry tanora malala, tian'Andriamanitra ho salama ianao ary hizara izany fahasalamana izany ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao. Fantatrao ve fa momba ny fisorohana kokoa ny fanafodin'Andriamanitra fa tsy ny fitsaboana? Nanome torohevitra voajanahary valo ho antsika izy izay afaka manampy anao hanana fiainana mavitrika sy voalanjalanja. Tianao ho fantatra ve izy ireo? Indreto izy ireo, azo avy amin'ny fanalavana ny teny anglisy hoe FORWARD, na raha adika "MANDROSO"!

- **F ho an'ny *Fresh Air* na Rivotra Madio**: Mahatsara ny fahasalamanao ny famenoana ny vatanao amin'ny rivotra madio, izany hoe manao fisefoana lalina mandritra ny andro. Tena ilain'ny sela ny oksizenina. Arakaraky ny fahadiovan'ny rivotra iainanao no vao mainka hahazoanao hery.

- **O ho an'ny *One's Control* na Fifehezana ny Tena**: Tsy misy atao tafahoatra, ry namana. Ary lazao hoe Tsia ny sigara, toaka, kafeinina, ary izay rehetra mampiankin-doha. Fa atao antonony sy voalanjalanja kosa ny zavatra tsara.

- **R ho an'ny *Rest* na Fialan-tsasatra**: Tena ilaina ny matory tsara, izany hoe adiny fito ka hatramin'ny valo ao amin'ny efitrano misy rivotra tsara. Ampifandanjao ny asa sy ny fialan-tsasatra eo amin'ny fiainanao.


- **W ho an'ny *Water* sy *Workout* na Rano sy Fampiasam-batana**: Rano, rano ary rano ihany. Io no zava-pisotro tsara indrindra hanadiovana sy hitazonana ny sela rehetra ho salama tsara. Kendreo ny hisotro rano inenina ka hatramin'ny imbalon'ny vera isan'andro. Ary koa, mila manetsika ny vatanao amin'ny fampiasam-batana isan'andro ianao, atao any ivelany raha azo atao. Manao dia an-tongotra kely, tokony ho antsasak'adiny, dia efa fanombohana tsara. Mihetsiketseha re olona a!

- **A ho an'ny *Accepting God's Will* na Fanekena ny sitrapon' Andriamanitra**: Aza hadinoina ny fiainanao ara-panahy. Mampitombo ny fahasalamanao ary mitondra fifaliana ny finoana sy ny fahatokiana an'Andriamanitra. Mandania fotoana any am-piangonana miaraka amin'ny ankohonanao, mamboly fitiavana sy fanantenana.

- **R ho an'ny *Right Nutrition* na Sakafo Ara-dalàna**: Mihinàna sakafo mahasalama miaraka amin'ny otrikaina ilaina rehetra sy fibre. Ny fandanjalanjana no zava-dehibe amin'ny fihazonana ny vatanao ho tsara indrindra.

- **D ho an'ny *Daylight* na Hazavan'ny Masoandro**: Mampitombo ny fahatsapanao sy ny fahavelomanao ny fahazoana tara-masoandro kely. Saingy amin'ny antonony. Mety hanimba anao ny tara-masoandro be loatra. Amin'ny maraina no tsara indrindra.

Noho izany, ry sakaiza, aoka isika handroso miaraka amin'ireto torohevitra mahasoa ireto! Tehirizo ho salama tsara ny vatanao.



## Toriteny 6

# Miatrika ny Fahaverezam-panantenana ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira

*«(...) izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren'ny voninahitr'ity zavaniafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, izay fanantenana ny voninahitra;»*

Kolosiana 1:27

## Fampidirana:

Alaivo sary an-tsaina i John, tovolahy iray izay nitombo tao amin'ny tanàn-dehibe iray. Fihaikana maro no nolalovany hatramin'ny fahazazany vokatry ny fiainana an-tanàn-dehibe. Niasa nandritra ny ora maro ny ray aman-dreniny mba hivelomana, saingy tsy afaka niaraka taminy mandrakariva teo amin'ny fiainany izy ireo noho ny asa mafy nataony.

Rehefa nandeha ny fotoana, nihalehibe i John ary tonga zatovo ka nanomboka nahatsapa ny tsindry goavana avy amin'ny tanàn-dehibe. Nahery vaika ny fifaninanana akademika tao amin'ny sekoliny, ary tena niakatra amin'ny faratampony ny fanerena hahazo naoty tsara. Na teo aza ny ezaka

nataony tamin'ny fianarana dia indraindray izy nahatsapa ho tototry ny enta-mavesatra sy ny zavatra andrasan'ny ray amandreniny taminy. Nanontany tena izy raha tena misy ny hoaviny tokoa tao amin'io tanàn-dehibe io.

Trangan-javatra miseho isan'andro ny tsy fandriampahalemana teo amin'ny fiarahamonina nisy azy. Fahita matetika ny fandrobana sy fandotoana rindrina (graffiti), ary tsy maintsy nandeha tamin'ny arabe maizina sy efa rava amin'ny ampahany i John rehefa niverina avy nianatra. Tsy nahatsiaro ho voaro izy na nifandray tamin'ny manodidina azy, ka vao mainka nahatsiaro ho manirery sy kivy izy.

Rehefa nihalehibe i John dia tonga saina fa niatrika zava-tsarotra toy izany ihany koa ireo namany sy mpiara-mianatra taminy. Maro no nitolona tamin'ny adin-tsaina tany an-tsekoly, ny fahasahiranana ara-toekarena, ary ny tsy fisian'ny drafitra mazava tao an-tanàndehibe. Nametra-panontaniana izy ireo raha ho afaka amin'io faribolana mitsingerin'ny adintsaina io ary afaka hanandrana ny lafiny mamiratra kokoa eo amin'ny fiainana.

## Famelabelarana:

Misy fiantraikany amin'ny olona erantany ny tsy fahampian'ny fanantenana any amin'ireo tanàn-dehibe. Toa tsy misy azo atao hahafahana manatsara ny zava-misy ankapobeny, ary antony maro no mety mahatonga izany.

- **Tsy fitoviana ara-toekarena**: Iray amin'ireo antony lehibe indrindra amin'ny tsy fahampian'ny fanantenana ao an-tanàn-dehibe ny tsy fitoviana ara-toekarena. Rehefa misy elanelana midadasika eo amin'ny harena sy ny kalitaon'ny fiainan'ny vondron'olona samihafa ao an-tanàna, dia mahatsapa ireo any amin'ny farany ambany fa kely dia kely ny fahafahany hanatsara ny toe-piainany.
- **Tsy fahampian'ny asa**: Manintona ny olona mitady asa sy fampanantenana hoavy tsara kokoa ny tanàn-dehibe, saingy rehefa tsy ampy ny asa dia maro no tsy afa-manoatra fa mihitsoka aratoekarena, ka mampitombo ny tsy fahampian'ny fanantenana izany.
- **Tsy manan-kialofana**: Mety ho antony lehibe mahatonga ny tsy fahampian'ny fanantenana koa ny tsy fahampian'ny trano takatry ny fahafaha-mividy, na trano aradàlana tsara. Raha tsy manana toerana tsara fiarovana sy azo antoka hipetrahana ianao, dia mahatsiaro ho toa tsy mahafehy ny fiainanao.

- **Tsy fandriam-pahalemana sy heloka bevava**: Manampy amin'ny tsy fahampian'ny fanantenana ihany koa ny fahatsapana ny tsy fandriam-pahalemana noho ny haavon'ny heloka bevava na ny fisian'ny herisetra ao an-tanàn-dehibe. Indraindray, mahatsiaro ho voafandrika eo anivon'ny manodidina anao ianao ary matahotra ny hitady fahafahamanao vaovao.

Mety ho resy ve ny tsy fahampian'ny fanantenana ao an-tanàn-dehibe? Aiza no ahitantsika fanantenana? Miseho imbetsaka ao amin'ny Baiboly ny teny hoe "fanantenana", ary foto-kevitra miverimberina izay manasongadina ny maha-zava-dehibe azy io eo amin'ny finoana sy ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Jereo ireto andininy sasany momba ny fanantenana ireto:

- **Romana 15:13 (MG1865):** *"Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina."*
- **Hebreo 11:1 (MG1865):** *"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."*
- **Salamo 42:11 (MG1865):** *"Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra, fa mbola hidera Azy ihany aho, Izy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro."*
- **Jeremia 29:11 (MG1865)**: *"Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany."*
- **1 Petera 1:3 (MG1865):** *"Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay niteraka antsika indray araka ny haben'ny famindram-pony ho amin'ny fanantenana velona tamin'ny nitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty."*

Hanampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny fanantenana ireo andininy ireo. Tahaka ny vatofantsika izay manampy antsika hiorina mafy eo anivon'ny tafio-drivotra izy ireo. Tahaka ny sambo mila vatofantsika mba tsy hivezivezy ambony rano, dia mila ireto fahamarinana telo manaraka ireto isika mba hihazonana ny fanantenana.

## Fahamarinana #1: Ny Baiboly - Ilay Bokin'ny Fanantenana:

Milaza amintsika ny Romana 15:4 (MG1865) fa *"izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amin'ny faharetana sy ny fiononana avy amin'ny Soratra Masina."* Harena feno fanantenana ny Baiboly. Feno tantara momba ny olona niatrika zava-tsarotra sy sakantsakana, nefa niaina

fanantenana sy fanavotana avy amin'Andriamanitra koa ny Baiboly. Miresaka amintsika amin'ny alalan'ny Baiboly Andriamanitra, manolotra antsika teny fampanantenana sy teny fampaherezana izay mameno fanantenana antsika ao anatin'ny fotoan-tsarotra.

Tsy maintsy miaina araka ny finoanao ianao mba hahazoanao fanantenana sy fitarihana ary fampiononana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy afaka ny hoe mamaky azy indraindray fotsiny ianao rehefa manana fotoana malalaka, fa tsy mamaky amin'ny fotoana hafa. Tsy maintsy mamaky sy mianatra ny Teny ombam-bavaka isan'andro ianao. Tsy maintsy lasa fahazarana isan'andro izany. Fanampin'izany, zarao amin'ny hafa ny tantaran'ny fanantenana avy ao amin'ny Baiboly mba hanentanana sy hampaherezana ireo izay mandalo fotoan-tsarotra.

## Fahamarinana #2: Jesosy - Ilay Fanantenana ny Voninahitra:

Milaza amintsika ny Kolosiana 1: 27 (MG1865) fa *"izay efa tian'Andriamanitra ho nampahafantarina ny haren'ny voninahitr'ity zava-niafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra."* Jesosy no loharanon'ny fanantenana faratampony ary maneho ny voninahitr'Andriamanitra. Manome antsika ny fanantenana ny fihavanana amin'Andriamanitra sy ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay ny fiainany sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty. Manova ny fiainantsika ny finoana an'i Jesosy ary mameno antsika amin'ny fanantenana hahazo ny voninahitra mandrakizay miaraka Aminy.

Mba hihazonana ny fanantenana, dia zava-dehibe ny mamolavola fifandraisana manokana amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fisaintsainana, sady manao fanandramana ny fanantenany sy ny fanovana ataony eo amin'ny fiainantsika.

## Fahamarinana #3: Ny Fiavian'i Kristy Fanindroany - Ny Fanantenantsika Mahafinaritra:

Hoy ny Titosy 2: 13 (MG1865): *"miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamonjy antsika, dia Jesosy Kristy."* Loharanon'ny fanantenana ho an'ny mino ny fampanantenana fa mbola hiverina i Jesosy. Mameno hafanam-po antsika eo am-piandrasana ary mandrisika antsika hiaina amim-pahamasinana sy hiomana ny fahafantarana fa hiverina hampiorina ny fanjakany mandrakizay i Jesosy. Izany fanantenana izany no

manome antsika hery hiatrehana ireo zava-tsarotra amin'izao fotoana izao amim-pitokiana fa azo antoka ilay hoavy be voninahitra.

Amin'ny fotoan-tsarotra, tsarovy mandrakariva ny teny fampanantenana ny fiavian'i Kristy fanindroany mba hahazoana fampiononana sy hery.

## Famaranana:

Raha fintinina, **manolotra antsika loharanom-panantenana tsy manam-petra ny Baiboly. I Jesosy no endriky ny fanantenana ny voninahitra, ary ny fiavian'i Kristy fanindroany no fanantenantsika mahafinaritra.** Amin'ny alalan'ny fandraisana am-po ireo fahamarinana ireo sy ny fampiharana izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro no ahafahantsika manana fanantenana izay mihoatra noho ny toe-javatra iainantsika ary mitarika antsika mankany amin'ny hoavy mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra.

Tadidinao ve i John? Indray andro, nanana fahafahana nanatrika kaoferansa ara-pilazantsara tao amin'ny tanàn-dehibe nisy azy izy. Niresaka momba ny maha-zava-dehibe ny fahatanjahana, ny fikatsahana fahafahana, ny fananganana tambajotra fifanohanana, ary ny fampivelarana fifandraisana lalina amin'i Jesosy Kristy ny mpitory teny. Nisy fiantraikany lalina tamin'i John ny tenin'ilay mpandahateny, ka nanomboka nitady fomba hanatsarana ny toe-javatra nisy azy izy.

Na mbola nisy aza ireo zava-tsarotra tao amin'ilay tanàn-dehibe, dia nanomboka nahita tsirim-panantenana i John momba ny hoaviny. Tsapany fa afaka mandresy ireo vato misakana sy hanokatra lalana ho amin'ny fiainana tsaratsara kokoa izy amin'ny alalan'ny ezaka sy ny fanohanana araka ny tokony ho izy. Mampahatsiahy antsika ny tantaran'i John fa tena misy ny fanantenana sy ny fivoaran'ny tena manokana, na any amin'ny tanàna-dehibe sarotra indrindra aza, rehefa mitady fanampiana isika, sy manararaotra ny fahafaha-manao, ary manokatra ny fontsika amin'i Jesosy, Ilay fanantenana ny voninahitra.



## Toriteny 7

# Miatrika ny Tahotra ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.»*

Hebreo 11:1

## Fampidirana

Rehefa tonga Filohan'i Etazonia i Franklin D. Roosevelt tamin'ny 4 Marsa 1933, dia nikorontana ny firenena noho ny krizy ka nila fatram-panantenana taorian'ny telo taona nitotonganana. Nanao kabary izay mbola resahina sy tononina ao amin'ny boky sy lahatsoratra marobe i Roosevelt tamin'io andro io, noho ny fehezanteny iray izay manakoako hoe: "Ny hany tokony hatahorantsika dia ny tahotra."

Nanambara mazava i Roosevelt tamin'ny alalan'ireo teny ireo fa tsy ny toe-karena tsy milamina no fahavalo voalohany fa ny tahotra mihitsy. Ny tahotra, araka ny filazan'i Mira Y. López, psikology Kiobàna, dia biby goavambe mampangovitra ny hazondamosinao. Manimba ny eritreritrao ny tahotra ary mety handroba ny nofinao sy ny finiavanao. Mahatonga anao hanadino izay fantatrao sy ny maha-ianao anao izany. Mahatonga

anao hahatsiaro ho tsy mahafehy na inona na inona intsony izany ary toa tsy hahazo io fifehezana io intsony ianao. Mahatonga anao tsy hatoky ireo olona tokony hitokianao tsy amim-pisalasalana izany. Mahatonga anao ho be fitakiana izany fa tsy hanetry tena sy hanompo. Mahatonga anao hieritreritra fa tsinontsinona Andriamanitra eo anatrehan'ny zava-manahirana anao sy ny olana mahazo anao. Mahatonga anao hikaroka ao amin'ny olona izay tsy hitanao afa-tsy ao amin'i Jesosy Kristy izany.

## Famelabelarana

### I. Ny Tahotra ao amin'ireo Tanàn-dehibe

Tranga sarotra izay misy fiantraikany amin'ny tanora sy ny antitra ny tahotra ao amin'ny tanàn-dehibe ary mety misy ifandraisany amin'ny antony maro mahatonga azy. Ireto ny sasany amin'ireo antony lehibe ireo:

- **Heloka bevava sy herisetra an-tanàn-dehibe**: Iray amin'ireo antony voalohany mahatonga ny tahotra ny fiheverana ny tsy fandriam-pahalemana vokatry ny heloka bevava sy ny herisetra any an-tanàn-dehibe. Mety hiteraka tahotra eo amin'ny mponina ny heloka bevava toy ny fandrobana, ny fanafihana ary ny vonoan'olona, indrindra any amin'ireo faritra izay ahitana tahan'ny heloka bevava ambony dia ambony.
- **Olana amin'ny fitaterana**: Mety hampitombo ny tahotra any an-tanàn-dehibe ny tsy fandriam-pahalemana misy eo amin'ny fitateram-bahoaka, toy ny halatra na ny herisetra ara-pananahana(harcèlement sexuel) any anaty fiaran-dalamby na fiara fitateram-bahoaka. Mety hametra ny fivezivezen'ny olona izany ary hisy fiantraikany amin'ny kalitaon'ny fiainany.
- **Fanerena ara-tsosialy sy avy amin'ny haino aman-jery**: Mety hampitombo ny tahotra eo amin'ny fiaraha-monina ny fampielezana vaovao momba ny trangan-javatra feno herisetra sy heloka bevava amin'ny haino aman-jery sy amin'ny tambajotra sosialy tsy tapaka. Mety manampy amin'ny fananana fiheveran-diso momba ny fiarovana ao an-tanàn-dehibe ny fiparitahana tantara mampatahotra be loatra.
- **Tsy fitokiana Ireo andrim-panjakana**: Mety hitondra amin'ny fitomboan'ny tahotra ny tsy fitokiana ireo andrim-panjakana tompon'andraikitra amin'ny fitandroana ny filaminana sy ny filaminam-bahoaka. Mety hanimba ny fahatsapana ny filaminana sy fiarovana ao an-tanàn-dehibe ny fahitana kolikoly na tsy fahombiazana.

Manoloana ny onjam-pahatahorana misy any an-tanàn-dehibe, inona no azontsika atao?

## II. Mandresy ny Tahotra amin'ny Finoana

Tsy boky torolalana momba ny psikolojia na lahatsoratra momba ny atidoha ny Baiboly, kanefa miresaka lalina momba ny lohahevitry ny tahotra. Raha ny marina, ny hoe "aza matahotra" dia miseho in-365 eo ho eo ao amin'ny Soratra Masina, ka mahatonga izany ho hafatra miverimberina indrindra ao amin'ny Baiboly. Fanampin'izany, voatonona in-200 mahery ny teny hoe "tahotra" sy "horohoro", ary ny "fahatahorana" kosa miseho in-jato mahery. Mety hahagaga hoe miresaka betsaka momba ny tahotra ny boky iray mitantara ny asan'ny olo-malaza, kanefa milaza ny Baiboly fa maherin'ny roanjato tamin'ireo olona tantaraina ao aminy no niaina izany!

Noho izany, misy ve ny vahaolana amin'ny zavatra mahery vaika toy ny tahotra? Afaka mandresy ny tahotsika ve isika? Azo atao ve ny miaina tsy misy tahotra? Maro no nitady valiny tamin'ny alalan'ny psikology sy ny thérapie, niezaka nanova ny fomba fisainany sy ny fitondran-tenany araka ny lojika. Ny hafa kosa nitodika tany amin'ny fanafody, ka nihevitra ny tahotra ho karazana aretina. Kanefa, hitan'izy ireo rehefa mandeha ny fotoana fa tsy ireny fitsaboana sy fanafody ireny ihany no safidy misy, na dia afaka manampy aza ireny.

Raha tsy afaka manafoana na tsy miraharaha ny tahotsika isika, azontsika atao ve ny mitantana azy ireny amin'ny fomba hafa? "Eny" ny valiny. Araka ny Baiboly, afaka miatrika sy mandresy ny tahotra amin'ny alalan'ny finoana isika. Eny, ry tanora malala, ny finoana no fanafody avy amin'Andriamanitra hanafoana ny tahotra rehetra, nefa inona moa izany finoana izany?

Toy izao no amaritan'ny Baiboly ny finoana: *"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."* - Hebreo 11:1 MG1865. Raha lazaina amin'ny teny hafa, ny finoana dia fitokiana an'Andriamanitra. Hoy ny Baiboly amintsika atỳ aoriana: *"Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy."* - Hebreo 11: 6.

Zava-dehibe ny manamarika fa tsy ny karazana finoana rehetra no mandresy ny tahotra.

**Ny finoana izay tena mandresy ny tahotra dia manaiky ny fisian'Andriamanitra voalohany indrindra**. Ny finoana an'Andriamanitra no dingana voalohany mankany amin'ny fiainana feno fandresena. Manana fanondro avaratra izay mitarika azy ireo amin'ny fahasahiranan'izao tontolo izao ny olona

mino an'Andriamanitra. Etsy an-danin'izany kosa, mety ho hafahafa sy mampisafotofoto ary mahakivy ity tontolo ity, ho an'ireo izay tsy mino an'Andriamanitra. Tonga sarotra sy tsy misy lalana ny fiainana.

**Faharoa, ny finoana mandresy ny tahotra dia tsy hoe manaiky ny fisian'Andriamanitra fotsiny ihany fa mikatsaka ny hamolavola fifandraisana manokana Aminy koa.** Tsy ampy ny mahafantatra fa misy Andriamanitra; ilaina ny mahafantatra Azy mihitsy. Andriamanitra mihitsy no mampirisika antsika ao amin'ny Teniny mba tsy hirehareha ny amin'ny fahendrentsika, na ny herintsika, na ny harenantsika, fa hirehareha ny amin'ny fahafantarana Azy sy ny fahatakarana fa miasa amin'ny fitiavana sy ny rariny ary ny fahamarinana Izy eto an-tany (Jeremia 9: 23-24).

Alohan'ny hanohizana dia zava-dehibe ny manamarika fa rehefa miresaka momba ny fahafantarana an'Andriamanitra isika, tsy midika izany hoe mahatakatra Azy tanteraka. Amin'ny maha-olombelona antsika, tsy afaka mahatakatra tanteraka ny zavatra tsy manam-petra isika noho ny saina voafetra, ny olana ara-pitondrantena ary ny fanambarana an'Andriamanitra voafetra izay ananantsika. Na izany aza, rehefa milaza isika fa mahalala an'Andriamanitra, dia midika izany fa manorina fifandraisana Aminy isika, izay hahatonga ny maha-Izy Azy hisy fiantraikany amin'ny toetsika.

**Fahatelo ary farany, ny finoana mandresy ny tahotra dia izay mitarika antsika hatoky tanteraka an'Andriamanitra.** Nisy olona iray nilaza fa ny finoana dia mitaky fitokiana fa hataon'Andriamanitra ho antsika izay tsy azontsika atao ho an'ny tenantsika. Ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fitokiana fa hanatanteraka ny fampanantenany Izy no tena fototry ny finoana marina. Miova tanteraka ny fomba fijerintsika ny fiainana rehefa matoky an'Andriamanitra isika. Ny fitokiana an'Andriamanitra no manova ny zavatra rehetra. Manafaka antsika amin'ny voka-dratsin'ny lasa sy ny fihetseham-po ratsy izany. Amin'ny fitokiana fa eo am-pelatanan'ny Mpamorona antsika ny zava-drehetra no ahafahantsika miaina tsy misy tahotra, sady mahafantatra fa tsy misy zavatra mitranga raha tsy efa navelany hiseho.

## Famaranana

I Harriet Tubman dia vehivavy mahatalanjona izay niaina tamin'ny vanim-potoana naha-nofy ratsy ny fanandevozana tany Etazonia. Alao sary an-tsaina hoe voafandrika ianao, tsy manana fahafahana, miaina ao anatin'ny tahotra lalandava. Efa niaina izany i Harriet hatramin'ny fahazazany, saingy tsy kivy mihitsy izy.

Mbola kely i Harriet dia efa niaina ny habibian'ny fanandevozana. Rehefa nihalehibe anefa izy, vao maika nitombo koa ny fahatapahan-keviny handositra sy hanampy ny hafa hanao toy izany koa. Ny tsiambaratelony: finoana matanjaka an'Andriamanitra izay nanome azy herim-po.

Nandray fanapahan-kevitra feno herim-po i Harriet, tamin'izy 27 taona. Nandositra avy tao amin'ny toeram-pambolena izay nanandevozana azy izy ary nandeha nianavaratra, nanaraka ny kintana ary natoky ny eritreriny. Nandritra ny diany dia niatrika loza maro toy ny mpihaza andevo sy alika mpanenjika izy, saingy tsy nihozongozona ny finoany an'Andriamanitra. Asan'ny finoana avokoa ny dingany rehetra mankany amin'ny fahafahana.

Saingy tsy nijanona i Harriet rehefa nahazo ny fahafahany manokana. Niverina imbetsaka tany atsimo izy, na teo aza ny loza mety hitranga amin'ny mety hisamborana sy hamerenana azy amin'ny fanandevozana, mba hanampy ireo andevo hafa handositra tamin'ny alalan'ny Lalamby Ambanin'ny tany, izay tambajotra miafina misy lalana azo antoka sy toerana fiafenana. Vao mainka nitombo ny fitokiany an'Andriamanitra, ka nino mafy izy fa Andriamanitra no mitarika sy miaro azy amin'ny iraka mampidi-doza notanterahiny.

Indray mandeha, raha nitarika andiana andevo nandositra tamin'ny misasak'alina izy, dia sendra nahita peta-drindrina fikarohana iray misy ny sariny. Tsy nilavo lefona anefa i Harriet, fa nivavaka tamin'Andriamanitra ary nandroso hatrany, nitarika ny rehetra ho amin'ny toerana azo antoka. Nandresy ny tahotra ny finoany sy ny herim-pony.

Harriet Tubman, fantatra amin'ny fiantsoana hoe "Mosesin'ny olony", dia nanampy andevo telonjato mahery mba hahazo fahafahana. Tonga vehivavy mahery fo izy tamin'ny ady tamin'ny fanandevozana. Mampiseho amintsika ny tantarany fa afaka manampy anao handresy ny tahotra sy hahavita zavatra miavaka ny finoana an'Andriamanitra.

Androany, ry tanora malala, mety ho tratry ny tahotra ianao ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao noho ny tsy fandriam-pahalemana, ny fanerena ara-tsosialy ary ny olana hafa. Kanefa, toa an'i Harriet Tubman, **afaka manampy anao amin'ny fandresena ireo tahotra ireo ny finoana sy ny fahavononan-tsaina.**



## Toriteny 8

# Manarina ireo Lavo ao amin'ny Tanàn-dehibe misy anao

**Nanoratra: Pr. S. Yeury Ferreira**

*« Tonga kosa ny Zanak'Olona, mihinana sy misotro, ka hoy ny olona: Indro olona fatra-pitia hanina sy mpisotro divay, sakaizan'ny mpamory hetra sy ny mpanota. Fa ny fahendrena dia hamarinin'ny asany.»*

Matio 11:19

## Fampidirana

Fantatrao ve fa feno fo maratra sy torotoro ireo tanàn-dehibe? Mazàna ireo olona sasany izay mandalo fotoan-tsarotra no mameno ny fiainany amin'ny karazana haizina. Ahitana tanora voafandrika ao anatin'ny tontolon'ny zava-mahadomelina any amin'ny tanàn-dehibe, ny hafa eo ambany fitaoman'ny andian-jiolahy (gangs), ary ny sasany miady amin'ny fanararaotana sy fampijaliana. Hitanao ny tanora sy ny antitra izay toa very hevitra tanteraka, tsy mahafantatra izay lalana tokony haleha. Rava ny ao anatin'izy ireo ary mitady fatratra fahafahana miova izy ireo.

Andeha isika hiresaka momba an'i Maria, vehivavy dimy amby roapolo taona nipetraka tao afovoan'ny tanàn-dehibe. Nihalehibe tao anatin'ny tontolo sarotra izy, voahodidin'ny olana ara-pianakaviana sy ny fitaoman-dratsy

nataon'ireo namany. Nanomboka nanandrana zava-mahadomelina izy tamin'ny fahatanorany ary tsy ela dia tratran'ny fitotonganana hatramin'ny farany ambany. Very asa izy, rava ny fifandraisany, ary niharatsy haingana ny fahasalamany. Potika tanteraka i Maria, na ara-batana na ara-pihetseham-po.

## Famelabelarana

Te hanomboka ity fisaintsainana ity amin'ny andininy iray avy ao amin'ny Baiboly izay manintona ny saiko mandrakariva aho:

*"Tonga ny Zanak'olona mihinana sy misotro kosa, ka hoy ny olona: Indro, olona fatra-pitia hanina sy mpisotro divay, sakaizan'ny mpamory hetra sy ny mpanota.'"* - Matio 11: 19 MG1865.

Ry tanora malala, efa mba nanontany tena ve ianao hoe manao ahoana no fiantsoan'izy ireo an'i Jesosy? Nantsoin'izy ireo hoe "sakaizan'ny mpanota" Izy! Alaivo sary an-tsaina i Jesosy mandeha mamakivaky ny tanàn-dehibe misy anao. Iza no horesahiny? Iza no hanehoany fangorahana bebe kokoa? Inoako tsy amim-pisalasalana fa hanatona ireo toa an'i Maria Izy, dia ireo izay lavo sy torotoro fo.

Inona àry no dikan'izany hoe sakaizan'ny mpanota izany i Jesosy? Midika izany fa sakaizantsika Izy ary miandry antsika hanaiky ny fanatrehany sy ny fahavononany. Mihoatra noho izay takatry ny saintsika ny fitiavan'Andriamanitra antsika.

Mahaliana ny mahatsikaritra fa ireo mpitondra fivavahana tamin'ny andron'i Jesosy no nanome Azy io fiantsoana hoe "sakaizan'ny mpanota" io. Notsikerain'izy ireo Izy noho ny nandaniany fotoana niaraka tamin'ireo olona voahilikilika sy "tsy azo ekena eo amin'ny fiaraha-monina", ka izany no niantsoana Azy hoe "sakaizan'ny mpanota"!

Nimenomenona tamin'i Jesosy, ohatra, ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo, indray mandeha. Fantatrao ve ny antony? *"Ary ny mpamory hetra rehetra sy ny mpanota nanatona hihaino an'i Jesosy. Dia nimonomonona ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna ka nanao hoe: Ilehity mandray ny mpanota ka miara-mihinana aminy."* - Lioka 15:1-2.

Tsy niaro tena i Jesosy teo anatrehan'ireo fanakianana ireo fa nanao fanoharana izay maneho ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra ireo izay lavo:

*"Fa Izy nanao izao fanoharana izao taminy hoe: Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivi-folo any an-efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy? ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy; ary rehefa tonga ao an-trano izy, dia mamory*

*ny sakaizany sy ny namany ka manao aminy hoe: Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very. Lazaiko aminareo fa hisy fifaliana toy izany any an-danitra ny amin'ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amin'ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony hibebahany."* - Lioka 15: 3-7 MG1865.

Niresaka momba ny mpiandry ondry iray nanana ondry zato i Jesosy, saingy nania ny iray tamin'ireo ka very. Araka ny voalazan'ny zoologie (fianarana momba ny biby), dia biby izay mania ary mora very ny ondry noho ny tsy fahaizany mitady lalana ho an'ny tenany. Nandao ireo sivy amby sivifolo anefa ilay mpiandry ondry ary nanao izay rehetra azony natao mba hitadiavana ilay ondry very, na dia niatrika ny toetr'andro ratsy indrindra aza. Tamin'ny farany, hitany ilay ondry ary namerina azy tamin'ny halemempanahy sy ny fitiavana tany amin'ny andian'ondry Izy. Nankalaza ny fahitany azy tamim-pifaliana izy rehefa nody.


Nilaza i Ellen G. White, mpanoratra kristianina, fa Andriamanitra dia mahafantatra ny ondriny izay miely eran'izao tontolo izao tahaka ny mpiandry ondry eto an-tany.

"Tahaka ny ahafantaran' ny mpiandry ondry ny ondriny, no ahafantaran' Ilay Andriamanitra mpiandry ondry koa ny ondry izay miparitaka manerana an'izao tontolo izao. 'Ary ny aminareo ondriko, ondry fiandriko, olona hianareo, ary Izaho no Andriamanitrareo, hoy Jehovah Tompo.' Hoy Jesosy: *«Efa niantso ny anaranao Aho, Ahy hianao». «Efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatanako hianao.»* Fantatr'i Jesosy tsirairay isika, ary manohina Azy ny fahatsapany ny fahalementsika. Fantany amin'ny anarantsika isika rehetra. Fantany na dia ny trano ipetrahantsika aza, ny anaran'ny mponina ao tsirairay. Nisy fotoana nanomezany baiko ny mpanompony handeha ho amin' ny lalana iray, ho amin'ny tanàna iray, ho amin'ny trano toy izao, mba hitady ny anankiray amin'ny ondriny."[3]

I Jesosy, ilay mpiandry ondry avy any an-danitra, no mandeha mamakivaky tanàn-dehibe mba hitady ireo izay very, rava, ary lavo, ireo izay manana fo torotoro noho ny kapoka sy ny ratram-po teo amin'ny fiainana.

---

3 Ellen G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy*, (Mountain View, CA: *Pacific Press Publishing Association*, 2017), pp. 517, 517.2



Nahoana aho no mino fa manarina ny lavo i Jesosy?

- **Nanarina ilay vehivavy mpijangajanga Izy (Jaona 8: 1-11)**: Nahita vehivavy voafandrika tao anatin'ny fijangajangana Izy, ka tsy nanameloka azy, fa hoy Izy: "Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany." Niala teo ireo vahoaka, ary nilaza tamin'ilay vehivavy i Jesosy fa tsy nanameloka azy Izy ary tsy tokony hanota intsony ravehivavy.

- **Nanarina ilay mararin'ny paralysisa teo amin'ny farihin'i Betesda izy (Jaona 5: 1-15)**: Indray mandeha i Jesosy nahita lehilahy iray narary sy teo am-pandriana nandritra ny 38 taona. Hoy i Jesosy taminy: "Mitsangàna, ento ny fandrianao, ka mandehana." Dia sitrana niaraka tamin'izay ralehilahy.

- **Nanarina an'i Zakaiosy mpamory hetra Izy (Lioka 19: 1-10):**
  Nankahalain'ny olona i Zakaiosy noho ny asany sy ny lazany ho mpanota. Nikasika an'i Zakaiosy i Jesosy rehefa namangy azy, ka nanapa-kevitra ny hanome ny antsasaky ny fananany ho an'ny mahantra izy ary hamerina avo efatra heny izay nangalariny.

Nasehon'i Jesosy ao amin'ny tsirairay amin'ireo ohatra ireo ny fahaizany manarina ny lavo sy manolotra fanantenana ho azy ireo, na inona na inona toe-javatra nisy azy ireo na fahotany taloha. Mampianatra antsika Izy fa misy mandrakariva ny fahafahana hahazo famelan-keloka sy fanasitranana ary fiovana eo anatrehany.

## Famaranana

Indray andro, raha niady mafy tamin'ny fiankinan-dohany i Maria, dia nifanena tamina andiana mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny Fiangonana Advantista izay manampy ireo tanora marefo. Nanatona azy tamim-pitiavana sy fanohanana i Pablo, iray tamin'ireo tanora ireo. Nanome azy toeram-pialofana azo antoka sy fanampiana izy ireo mba hiatrehana ny olana mahazo azy. Na teo aza ny fisalasalany tamin'ny voalohany, nanapa-kevitra i Maria fa handray izany tanana manampy izany.

Nanomboka nanorina indray ny fiainany i Maria, nandritra ireo volana nanaraka. Nahazo fampianarana Baiboly sy fanohanana ara-pihetseham-po sy torohevitra ary fanampiana izy mba hialana amin'ny fiankinan-dohany rehetra. Rehefa niverina taminy ny fitokiany ny tenany sy ny fahaiza-manao nananany dia nahita asa ihany koa izy ary nanorina fifandraisana ara-pahasalamana tamin'ny fianakaviany sy ny namany indray. Ankehitriny, fijoroana vavolombelona velona momba ny fomba ahafahan'ny fahafahana faharoa sy ny tanana manampy manova ny fiainan'ny olona iray i Maria. Ohatra iray i Maria izay maneho fa mbola manohy manarina ireo lavo ao an-tanàn-dehibe i Jesosy. Ry tanora malala, mitsangàna, ka tadiavo ireo izay lavo ao amin'ny tanàn-dehibe misy anao, ary ampahafantaro azy ireo i Jesosy, Ilay Sakaizan'ny mpanota.